

# Adventist World

## Ny Tenin'Andriamanitra


**Herinandrom-bavaka**

**Ilay Boky tokana Tsy manantsahala**
Pejy 11

**Tsy sasatra mitady Andriamanitra**
Pejy 15

**Mitory ny Teny amin'ny fotoana mampisavorovoro an'izao tontolo izao**
Pejy 27

**HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA**

**TONTOLO ADVANTISTA**

# Ny Tenin' Andriamanitra

**FIZAHAN-TAKILA**


**SABATA VOALOHANY - 2**

**Ny tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny fiangonana**
*Ted N. C. Wilson*

**ALAHADY - 7**

**Hafatra mitondra fifaliana sy fanantenana**
*Stanley Arco*

**ALATSINAINY - 11**

**Tsy misy boky tahaka azy Ny maha-tokana ny Baiboly**
*Daniel Duda*

**TALATA - 15**

**Tsy sasatra mitady Andriamanitra**
*Alexander Bryant*

**ALAROBIA - 19**

**Ny teny amin'ny maha-fanambarana azy. Fandinihana ny Jao. 5:39**
*Robert Osei-Bonsu*

**ALAKAMISY - 23**

**Velomin'ny tenin'Andriamanitra**
*Roger O. Caderma*

**ZOMA - 27**

**Mitory ny teny amin'ny fotoana mampisavorovoro an'izao tontolo izao.**
*Yo Han Kim*

**SABATA - 31**

**Izao tontolo izao sy ny fitoriana farany ny filazantsara.**
*(Ellen White)*


## Fampidirana

Ny Baiboly Masina no boky nahalafosana be indrindra hatramin'izao ka eo amin'ny 5 ka hatramin'ny 7 miliara eo no tontalin'ny efa lafo.

Amin'izao taonjato faha-21 izao, dia eo amin'ny 80 tapitrisa isan-taona no voatonta pirinty ("Best-selling Book," Guinness World Records, bit.ly/Biblebestseller). Seha-tserasera betsaka dia betsaka amin'ny Aterineto no manolotra ny Baiboly amin'ny tenim-pirenena maro ("19 Websites for Reading and Searching the Bible," For All Things Bible, bit.ly/ReadStudyBible). Amin'izao fotoana izao dia efa voadika amin'ny tenim-pirenena miisa 736 ny Baiboly iray manontolo, ny Testamenta Vaovao amin'ny tenim-pirenena miisa 1678 ankoatra ireo, ary ampahany kely kokoa amin'ny fiteny miisa 1264.("2023 Global Scripture Access," Wycliffe Global Alliance, wycliffe.net/resources/statistics/.) Fehiny, mora kokoa ny hahazoan'ny olona betsaka kokoa ny Baiboly raha oharina amin'ny fotoana tany aloha teo amin'ny tantaran'ny tany.

Eo anatrehan'izany anefa, araka ny tatitra nataon'ny *Christianity Today (CT)* dia nilatsaka ambany dia ambany ny tahan'ny famakian'ny Kristianina amerikanina ny Baiboly tamin'ny 2021, ka 10 isanjato monja no nilaza fa mamaky Baiboly isan'andro. ("Report: 26 Million Americans Stopped Reading the Bible Regularly During COVID-19," *Christianity Today,* https://bit.ly/stateofBible).

Na dia tamin'ny taona 2018 aza no nahazoana ny antontanisa farany indrindra nomen'ny Global Church Member Survey momba ny famakian'ny Advantista ny Baiboly, dia hita fa nisy fiakarany ny tahan'ny famakiana Baiboly isan'andro. 42% tamin'ny taona 2013 ary 48% tamin'ny taona 2018 ("Spiritual life, involvement, and retention," *Ministry*, April 2019, bit.ly/spirituallifeinvolvement).

Marina fa ambony lavitra noho izay ambaran'ny tatitra mikasika ny Kristianina ankapobeny ireo isa ireo, saingy milaza ihany izany fa tsy mbola ny antsasaky ny mambra advantista maneran-tany akory no mamaky Baiboly isan'andro.

Tsy tokony ho isika, izay "vahoaky ny Baiboly" ve no hahery mamaky sy hampiorina ny finoantsika eo amin'ny Tenin'Andriamanitra?

"Andeha aho hizara ny Tenin'Andriamanitra", io no lohahevitry ny Herinandro fiaraha-mivavaka ataontsika. Ho feno hery ianao eo am-panarahana ny taridalana sy eo am-pandinihana ny anjara asan'ny Baiboly eo amin'ny fiainam-piangonana, izay mitory hafa-pifaliana sy fanantenana. Tokana ny Baiboly-herin'ny famonjena izany ary sakafon'ny fiainantsika. Zava-dehibe lavitra noho izany, fanambarana an'i Jesôsy Kristy ny Baiboly. Amin'ny fifaranan'ny herinandro fiaraha-mivavaka dia misy ny antso lehibe atao momba ny fanambarana farany ny filazantsara mandritra izao fotoantsarotra miseho maneran-tany izao.

Tsy misy isalasalana intsony fa ho avy tsy ho ela i Jesôsy! Ny Tompo anie hitahy antsika eo amin'izao fiarahantsika "mandeha mizara ny Tenin'Andriamanitra" izao amin'ny tontolo izay tena mila Azy marina tokoa.

Maranata!



Ted N.C. Wilson,
Filohan'ny Fiangonana Advantista
Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany

SABATA VOALOHANY

# Ny tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny fiangonana

Nosoratan'i Ted N. C. Wilson

Roa arivo taona lasa izay, teo amin'ny havoana maitso mavana iray, dia nikasika ny tany ny lanitra rehefa nanomboka nanonona teny izay tsy ho levona mandrakizay Ilay Mpampianatra lehibe tsy mbola nisy toa Azy teo amin'izao tontolo izao. Nifantoka tamin'i Jesôsy ny sain'ireo olona nipetraka teo, raha namaky ny mofon'aina ho azy ireo i Jesôsy. Nanokatra ny mason'izy ireo ny teniny, nanohina ny fony, ary nampitolagaga ireto mpihaino izay sambany nandre fampianarana toy izany, fampianarana tsy fahitany teo amin'ireo mpitondra fivavahana tamin'izany andro izany.

*"Sambatra ny malahelo am-panahy; fa azy ny fanjakan'ny lanitra,"* hoy Izy - Mat. 5:3. *"Sambatra ny malemy fanahy; (…) Sambatra ny miantra"* - and. 5-7. *"Raha tsy mihoatra noho ny an'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy hianareo."* – And. 20.

Niditra lalindalina kokoa i Jesôsy, ary nampianariny fa manambara ny tena toetran'ny olona ny ao amin'ny atifanahiny. *"Izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga taminy tam-pony sahady"* - and. 28; "*Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Aza manohitra izay manisy ratsy anao; fa na zovy na zovy no mamely tahamaina ny takolakao ankavanana, atolory azy koa ny anankiray.*" - and. 39. *"Tiava ny fahavalonareo"* – and. 44. *"Koa amin'izany aoka ho tanteraka hianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any an-danitra."* - and. 48. Dia nitohy ny toriteniny, ka nambarany ny tsiambaratelon'ny fiadanana sy ny faharetan'ny lalàn'Andriamanitra mandrakizay.

Talanjona ny vahoaka. Niaiky volana ny rehetra fa *"Tsy mbola nisy olona niteny tahaka izany"!* – Jao. 7:46. Kanefa, *"na dia nanaiky ny teniny aza ny fon'ny olona, dia vitsy ireo vonona ny hanaiky izany ho mpitarika ny fiainany."* – S, t. 130 (np).

## MIORINA EO AMBONY VATOLAMPY

Fantatr'i Jesôsy ny fanoherana tao anatin'izy ireo, koa fanoharana iray mavesa-danja no namaranany ilay toriteniny miezinezina, izay nanondro mazava ny maha-zava-dehibe ny fampiharana ireo teny vao nolazainy.

*"Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy. Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; nefa tsy nianjera izy, satria efa naorina teo ambonin'ny vatolampy. Fa izay rehetra mandre izany teniko izany, nefa tsy mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy adala, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny fasika. Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; dia nianjera izy, ka loza ny fianjerany."* - Mat. 7:24-27.

Efa nilaza ny faharetan'ny tenin'Andriamanitra ny mpaminany Isaia, taonjato maro talohan'ny nanaovan'i Jesôsy ny toriteniny teo an-tendrombohitra, *"ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay."* - Isa. 40:8. Nanonona io andininy ao amin'ny Isaia io ny apôstôly Petera rehefa nanambara hoe: *"Ary izany no tenin'ny filazantsara izay notorina taminareo."* - 1 Pet. 1:25.

*"Ny Tenin'Andriamanitra ihany no hany zavatra maharitra fantatra eto amin'ity tanintsika ity,"* hoy i Ellen White. *"Ny foto-kevitra lehiben'ny lalàna, ny tena toetran'Andriamanitra, dia voafono ao amin'ireo tenin'i Kristy teo an-tendrombohitra. Na iza na iza manorina eo ambonin'ireo, dia manorina eo ambonin'i Kristy Ilay Vatolampy Fahagola. Raha mandray ny Teny isika, dia mandray an'i Kristy."* – S, t. 131.

## NY SORATRA MASINA, FOTOTRA FANORENANA

Teo ambonin'io fototra io no nanorenan'i Kristy ny fiangonany. Hatrany am-piandohana no efa nanondroan'i Kristy ny Soratra Masina ho ilay vatolampy mafy natao ho fanorenana. *"Maina ny ahitra, malazo ny voniny; Fa ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay."* - Isa. 40:8.

Ary voaporofo eo amin'ny tantara ny fahamarinan'izany. Na be aza ny fanoherana dia nanorina teo ambonin'izany vatolampy izany ny apôstôly, ka nanozongozona izao tontolo izao. Nifikitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra ny fiangonana voalohany ka nahery mandrakariva tao anatin'ny fitsapana mahamay sy ny fanenjehana mahery vaika. Niantehitra tamin'ny Soratra Masina ireo mpanavao fivavahana, ka tsy naharesy azy ny *"vavahadin'ny fiainan-tsi-hita"*.

Mbola niteny nandritra ireo taona nifandimby tamin'ny alalan'ny Soratra Masina Andriamanitra, nitarika ny olony hiala tao amin'ny haizina ho amin'ny fahazavana lehibe kokoa.

Toy izany no nitranga tamin'i William Miller, tantsaha iray nazoto nandinika ny Soratra Masina, niaina tany amin'ny voalohandohan'ny taonjato faha-19. Rehefa nandinika lalina i Miller dia nanao tsoa-kevitra fa efa antomotra ny fiverenan'i Kristy, ka notoriny tamin'izay rehetra vonona ny hihaino ireo faminaniana ao amin'ny bokin'i Daniela. Fanandramana

mangidy no niainany rehefa tsy tonga tamin'ilay fotoana nantenaina i Jesôsy. Kanefa na io fahadisoam-panantenana lehibe io aza dia efa voambara mialoha ao amin'ny Apôk. 10:8-11, rehefa nasaina "nihinana" ilay "boky kelin'"i Daniela ny apôstôly Jaona, izay *"mamy tahaka ny tantely"* tao am-bavany, kanefa *"nangidy"* tao an-kibony. Dia nomena ny baiko avy any an-danitra momba ny hoavy: *"Tsy maintsy maminany indray hianao ny amin'ny olona maro sy ny firenena maro sy ny fiteny maro ary ny mpanjaka maro."* - and. 11.

## FOTOTRA MAFY ANORENANA NY FINOANA

Nanohy nianatra ny tenin'Andriamanitra tamin-jotom-po ireo mpino voalohany niandry ny fiverenan'i Jesôsy, satria ninoany fa mbola miteny amin'ny alalan'ny Soratra Masina Andriamanitra. Rehefa nandinika izany fanandramana izany i Ellen White taona maro tatỳ aoriana, dia nanoratra hoe: "Tsy mahazo an-tsaina ny hamafin'ny fototra nanorenana ny finoantsika ny ankamaroan'ireo olona ao amintsika." - *Selected Messages* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1958, 1980), b. 1, t. 206.

Nanoratra toy izao izy raha nanazava ny hafanam-pon'ireo mpitarika vitsy niandry ny fiverenan'i Jesôsy nikatsaka ny Baiboly toy ny "harena nafenina", taorian'ilay Fahadisoam-panantenana Lehibe: "Niara-nivory tamin'izy ireo aho, ary nandinika sy nivavaka tamin-kafanam-po izahay. Matetika no tsy tafasaraka izahay raha tsy efa alina, ary indraindray aza laninay ny alina manontolo, nivavahana mba hanomezan'Andriamanitra fanazavana eo am-pandinihanay ny Teny. Imbetsaka izy ireo no nivory niara-nandinika ny Baiboly mba hahafantarany izay tian'izany ambara, sy mba ho vonona hampianatra izany amin-kery. Tao anatin'izany fandinihana izany, tamin'ny fotoana izay nilazan'izy ireo hoe: 'tsy afa-manao mihoatra noho izay intsony isika', no tonga tao amiko ny Fanahin'ny Tompo. Nomeny fahitana aho, ary nomena mazava tsara ny hevitr'ireo andininy vao nodihininay, miaraka amin'ireo toromarika mikasika ny tokony ho fomba fiasa sy fampianaranay mba hisian'ny fahombiazana. Dia toy izany no nanomezana ny fahazavana izay nanampy anay hahatakatra ny hevitry ny Soratra Masina momba an'i Kristy, ny iraka nampanaovina Azy, sy ny asa fisoronana ataony. Novelarina mazava teo anoloako ny fahamarinana nanomboka tamin'io fotoana io hatramin'ny fotoana hidirantsika ao amin'ny tanànan'Andriamanitra; ary nozaraiko tamin'ny hafa ireo toromarika nomen'ny Tompo ahy." - *Selected Messages* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1958, 1980), b. 1, tt. 206,207.

Nanazava ny amin'ireo fiaraha-mandinika lalina ny Baiboly ireo i Ellen White, ka nolazainy fa sarotra taminy ny nahatakatra izay voalazan'ny Baiboly raha tsy tao anatin'ny fahitana. Manjary mazava kokoa anefa, araka izany, fa avy amin'ny Tompo ireo fanazavana nomena azy tao amin'ny fahitana, fa tsy avy amin'ny tenany tsy akory. Izao no nosoratany:

"Nandritra izany fotoana rehetra izany dia tsy nahatakatra ny fanazavan'ireo namako mpiara-mandinika ny Baiboly aho. Azo lazaina ho nikatso ny saiko, ary tsy nety takatro ny hevitry ny

Soratra Masina izay nodinihinay. Anisan'ny nampalahelo ahy indrindra teo amin'ny fiainako izany. Toy izany mandrakariva ny toetry ny saiko mandra-panomezana fahazavana ny sainay hahatakatra ny amin'ireo teboka manan-danja rehetran'ny finoantsika, amin'ny fomba mifandrindra amin'ny tenin'Andriamanitra. Fantatr'ireo namako ireo fa tsy misy takatro ny amin'ireo hevitra ireo raha tsy mahazo fahitana aho, ary neken'izy ireo ho fahazavana mivantana avy any an-danitra ireo fanambarana nomena." - *Selected Messages* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1958, 1980), b. 1, t. 207.

Arakaraka ny nitomboan' io vondron'olom-bitsy niara-nianatra io, ka nitohizan'ny fandinihana ny Baiboly tamin-jotom-po, no nipoiran'ireto foto-pinoana ara-Baiboly ireto: ny fanadiovana ny fitoerana masina, ny hafatr'ireo anjely telo ao amin'ny Apôk. 14, ny fahamasinan'ny Sabata andro fahafito, ary ny fahafatesan'ny fanahy. (Jereo ny *Counsels to Writers and Editors* [Nashville: Southern Pub. Assn., 1946], tt. 30, 31, nosoratan'i Ellen G. White).

## FAHAZAVANA MPITARIKA

Hatrany am-piandohana no noraisin'ny fihetsehana advantista ho fototra iorenana sy fahazavana mpitarika, ny Soratra Masina. Manaiky i Ellen White fa "ny fahamarinana dia fahamarinana mandroso, ary natao handeha araka ny itomboan'ny fahazavana isika" (Jereo ny *Counsels to Writers and Editors* [Nashville: Southern Pub. Assn., 1946], t. 33, nosoratan'i Ellen G. White); mampitandrina koa anefa izy fa "hisy olona hijoro miaraka amin'ny fanazavana ny Soratra Masina izay marina araka ny fiheviny, kanefa tsy fahamarinana izany. Efa nomen'Andriamanitra antsika ho fanorenana ny finoantsika ny fahamarinana ho an'izao andro ankehitriny izao. (…) Tsy azontsika atao ny mandray ny tenin'ireo izay mitondra hafatra mifanohitra amin'ireo hevi-dehibe manokana ijoroan'ny finoantsika. Manangona teny avy ao amin'ny Soratra Masina izy ireo hoentiny manaporofo ny tsangan-kevitra arosony (…) Ary na Tenin'Andriamanitra aza ny Soratra Masina ka tokony hohajaina, ny fomba fampiharana izany kosa, raha manozongozona ny fototra efa notohanan' Andriamanitra, (…) dia fahadisoana mampidi-doza. (Jereo ny *Counsels to Writers and Editors* [Nashville: Southern Pub. Assn., 1946], t. 32, nosoratan'i Ellen G. White).

Tenin'Andriamanitra velona ny Baiboly. Io no fototra iorenan'ny fiangonana sy natao ho mpitarika antsika amin'ny finoana sy ny fampiharana. Manambara ny sitrapon'Andriamanitra izany ary mampianatra lesona sarobidy azontsika ampiharina amin'ny lafim-piainantsika rehetra. Araka ny fanazavana ao amin'ny bokintsika "Methods of Bible Study", isika dia natao "handray ireo teny dinihintsika ao amin'ny Baiboly, amin'ny heviny tsotra sy mazava indrindra" ka tsy hampiasa ireo fomba famakafakana mifototra amin'izay fantatsika eo amin'ny tantara, na fomba fanazavana hafa mifantoka amin'ny maha-olombelona. ("Methods of Bible Study," official document, adventist.org/documents/methods-of-bible-study/.)

Izao no ambaran'ny foto-pinoana voalohan'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito:

*“Ny Soratra Masina, dia ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao, no Tenin’Andriamanitra voarakitra an-tsoratra izay nomen’ny tsindrimandrin’Andriamanitra tamin’ny alalan’ireo olona izay niteny sy nanoratra raha nohetsehin’ny Fanahin’Andriamanitra. Ao amin’io Teny io no nanoloran’Andriamanitra ho eo am-pelatanan’ny olombelona ny fahalalana ilaina hahazoam-pamonjena. Ny Soratra Masina no fanambarana tsy mety dison’ny sitrapony. Izy no filamatry ny fitondran-tena, fisedrana ny fanandramana, fanehoana manana fahefana ny fampianarana, ary firaketana azo itokiana ny fiasan’Andriamanitra eo anivon’ny Tantara.”* - “Ny Soratra Masina,” foto-pinoana voalohan’ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

Ry namako, ny Tenin’Andriamanitra no fototra iorenan’ny fiangonany, ary io no fanorenana azo antoka anasan’i Jesôsy antsika mba hanorenantsika ny fanantenantsika, ny toetrantsika, ary ny fiainantsika.

*“Koa amin’izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin’ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin’ny vatolampy. Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; nefa tsy nianjera izy, satria efa naorina teo ambonin’ny vatolampy.”* - Mat. 7:24,25.

**Hatrany am-piandohana no noraisin’ny fihetsehana advantista ho fototra iorenana sy fahazavana mpitarika, ny Soratra Masina.**

---

I **Ted N. C. Wilson** dia filohan’ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ao amin’ny Foibe maneran-tany. Azonao atao ny manaraka ny pejiny amin’ny X (Twitter teo aloha): @pastortedwilson, sy amin’ny Facebook: @Pastor Ted Wilson.



ALAHADY

# Hafatra mitondra fifaliana sy fanantenana

Nosoratan'i Stanley Arco



Teraka tao amin'ny tokantrano kristianina i Christian saingy tsy nanana Baiboly izy. Rehefa nihalehibe izy dia nanjary mpisotro toaka. Nanambady vehivavy Advantista izy, ary tsy ela dia tonga loharanom-pifandirana tao an-tokantranony ny Baibolin'i Alcylene vadiny. Sorena i Christian noho ny korontana naterak'io boky io, koa nomeny ny namany ilay Baiboly, izay nampiasa izany ho fonom-paraky, hifohana sigara.

Nandrahona ny hisaraka aminy i Alcylene. Noho ny faniriany hanavotra ny tokantranony dia nekeny ny fanasana azy hanatrika fivoriam-bavaka iray tao ampiangonana. Nandray azy tsara ilay mpitoriteny tao, ary nanolotra Baiboly ho azy.

Mbola niziriziry niady tamin'ny vadiny ihany i Christian: "Raha hitako ao amin'ny Baiboly fa tsy mahazo miditra any andanitra ny mpisotro toaka, dia tsy hisotro intsony aho." Dia hanova ny fiainan'i Christian ve ny famakiana ny Soratra Masina?

## MANAMBARA NY DRAFITR'ANDRIAMANITRA NY SORATRA MASINA

Misy hafatra ao amin'ny Baiboly, izay maneho fa mbola manam-pahefana sy mihatra eo amin'ny fiainan'ny Kristianina hatrany ny Soratra Masina; fanambarana ny drafi-panavotan'Andriamanitra manerana ny tantara izany, ary fampaherezana amin'ny alalan'ireo lesona momba ny faharetana, ny fifaliana, ary ny fanantenana ao amin'Andriamanitra.

Maneho sarin'ny atao hoe fiainana tonga lafatra, tsy misy fahotana, sy ny fiainana tafaverina amin'ny laoniny amin'ny fiverenan'i Jesôsy, ny Baiboly ao amin'ny toko voalohany sy ny toko farany. Tsy tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra ny fahoriana, ny fijaliana sy ny alahelo ary ny fahotana.

Nanana tombontsoa nihaona isan'andro tamin'ny Tompo i Adama sy i Eva. Henatra sy tahotra no tsapan'izy ireo rehefa tsy nankatoaviny Andriamanitra (Gen. 3:8). Koa tsy maintsy niseho ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiantrany. Nampanantena Mpamonjy azy ireo Izy, ny Mesia (jereo ny Gen. 3:15). Ambaran'ny Baiboly fa ny drafi-panavotana dia *"Hatry ny fahagola no efa nivoahany, dia hatrizay hatrizay."* - Mika 5:2.

Nampalahelo an'Andriamanitra ny fisarahana tamin'ny voariny. *"Ary hitan'i Jehovah fa be ny faharatsian'ny olona tambonin'ny tany, ka izay fisainana rehetra avy amin'ny fony dia ratsy ihany mandritra ny andro. Ary Jehovah nanenina noho ny nanaovany ny olona tambonin'ny tany, ka nalahelo ny fony."* - Gen. 6:5,6.

Ary na fantatry ny olombelona aza ny tantaran'ny Famoronana sy ny fahotana – fantany ny tantaran'i Adama sy i Eva tao amin'ny saha Edena; fantany ny vokatry ny fahotana sy ny amin'ny Safodrano nanafotra ny tany – dia mbola mitoky amin'ny herin'ny tenany ihany izy ireo ho famonjena. *"Ary hoy izy: Andeha isika hanao tanàna sy tilikambo ho antsika, ka ny tampony hahatakatra ny lanitra, dia hanao izay hahazoantsika laza (...)"* - Gen. 11:4.

Tsy mahasasatra an'Andriamanitra ny maneho fitiavana. Niantso lehilahy mahatoky iray Izy, dia i Abrahama, mba ho fitahiana ho an'ny taranak'olombelona manontolo. Ren'Andriamanitra ny fitarainan'ireo taranak'i Abrahama rehefa nandevozina tao Egipta izy ireo, ary nanafaka azy Izy. Raha nirenireny tany an'efitra izy ireo dia nanome famantarana hita maso ny fanekem-pitiavany sy ny fanekem-pihavanany Andriamanitra. Hoy Izy: *"Asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy, dia honina eo aminy Aho."* - Eks. 25:8. Saingy tsy nahafa-po azy ireo ny fitoerana masina, izay tandindona velon'ny fanatrehan'Andriamanitra.

Inona indray izao no tadiaviny? *"Manendre mpanjaka ho anay hitsara anay, tahaka ny firenena rehetra."* - 1 Sam. 8:5. Ren'Andriamanitra izany fangatahany izany, ary nomeny azy ireo izay nirin'ny fony. Izao no voalaza ao amin'ny 1 Sam. 9:16: "*efa nijery ny oloko Aho, satria efa mby etỳ amiko ny fitarainany*." Tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra ve ny hananan'izy ireo mpanjaka eto an-tany? Tsia. Nanana drafitra tsara lavitra noho izany Izy, dia Mpanjaka maharitra mandrakizay, ny Mesia! Tia ny vahoakany sy namonjy azy io Mpanjaka Mesia io. Imbetsaka tokoa ny vahoaka no nanalavitra ny Tompo; na izany aza dia mbola nitady azy ireo hatrany Izy.

## MITONDRA FIFALIANA SY FANANTENANA NY BAIBOLY

Amin'ny fomba ahoana no itondran'ny Baiboly fifaliana ho antsika? Ambarany amintsika ny momba an'Andriamanitra sy ny toetrany be fitiavana ary ny fahamendrehan'ny asany eo amin'ny tantara. Araka ny ahafantarantsika ny momba an'Andriamanitra no ahatakarantsika mazava kokoa ny fitiavany, ny hatsaram-pony, ny fahatokiany, ary ireo toetrany hafa izay mitondra fifaliana ho antsika.

Manome fahendrena sy torohevitra hitondrana ny fiainantsika ny Baiboly. Afaka miatrika amin-toky ny zava-tsarotra isika amin'ny alalan'ny faherezana entiny. Mandray fampaherezana isika avy amin'ny fiainan'ireo olona voatantara ao amin'ny Baiboly sy ireo lesona ampianarin'i Jesôsy. Manjary fiainantsika koa ny faharetana sy ny fifaliana, na dia ao anatin'ny ady sarotra aza. Hazavain'ny Soratra Masina amintsika fa misy tanjona tratrarina sy iraka tanterahina ao amin'ny zava-tsarotra tsirairay. Manambara ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny hoavin'ny olombelona ny Soratra Masina.

Mitondra fifaliana ho antsika ny firaisana amin'Andriamanitra satria azo antoka ny fanatrehany sy ny maha-ety sy lalina ny fifandraisantsika Aminy. Farany, tsy fahalalana ara-tsaina fotsiny no azontsika fa fisakaizana amin'ny Mpahary. Mihoatra lavitra noho ny fomba fijery miabo ny fanantenana entin'ny famakiana ny Baiboly.

Ananan'Andriamanitra ny fahefana rehetra hahatanteraka ny teny fikasany ny amin'ny fiainana mandrakizay. Hoy Izy: *"Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany, dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita."* - Apôk. 1:17,18.

Mampanantena antsika lanitra sy tany vaovao ny Baiboly. *"Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony;" "fa efa lasa ny zavatra taloha."* - Apôk. 21:4. Omeny toky koa isika fa hampodiana. Izao no voalaza ao amin'ny Jao. 14:1-3: "*Aza malahelo ny fonareo; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa (…) handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho* (…) *ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa*."

Hitantsika eo am-pandinihana ny Baiboly fa manana drafi-panavotana ny taranak'olombelona Andriamanitra. Manjary olona vaovao tanteraka isika. *"Raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy."* - 2 Kôr. 5:17.

## NY VOKANY

Tsaroanao ve i Christian sy ny teny nomeny? Nanomboka niara-namaky Baiboly i Christian sy i Alcylene. Voavakin'izy mivady tao anatin'ny 30 andro izy manontolo. Hitan'i Christian tao avokoa ny valin'ny fanontaniany rehetra. Niova ny fiainan-tokantranony, ary natao batisa i Christian. Nanomboka nampianatra Baiboly sy nanao famelabelarana ara-tSoratra Masina tamin'ny alalan'ny kaoferansa izy.

Nahorina fiangonana enina ny ankohonany tao anatin'ny 13 taona taorian'ny batisany, tamin'ny volany sy ny fananany manokana, ary nandray anjara tamin'ny fananganana fiangonana 22

hafa izy ireo tao amin'ny faritr'i Autazes, ao amin'ny alan'i Amazonia.

Manana hery manova ve ny Baiboly? Mampisy tanjona ny fiainana sy manome iraka hotanterahina ve izy? Tonga olom-baovao i Christian noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fandinihana amin-jotom-po ny Teniny. Vavolombelon'ny fahasoavan'Andriamanitra mahagaga sy ny drafi-panavotany ireo olona maro nifandray taminy sy ny fianakaviany.


**Manana drafi-panavotana ny taranak'olombelona Andriamanitra.**

**Stanley Arco** dia filohan'ny Diviziona Amerika Atsimo, eo anivon'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

**Fanontaniana hosaintsainina:**

◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇

1. Inona ny andinin-tSoratra Masina tianao indrindra, izay nitondra fanantenana sy fifaliana ho anao?
2. Ahoana no efa nahatsapanao ny fitiavan'Andriamanitra mahari-po?



**ALATSINAINY**

# Tsy misy boky tahaka azy Ny maha-tokana ny Baiboly

**Nosoratan'i Daniel Duda**

Tamin'ny taona 1800 dia nandeha an-tongotra tsy nikiraro namakivaky lalana mikitoantoana 42 kilometatra (26 miles) ny tovovavy galoà iray 15 taona, antsoina hoe Mary Jones, tany avaratr'i Pays de Galles, mba hividy Baiboly amin'ny teny galoà. Naniry mafy hanana Baiboly amin'ny fiteniny manokana i Mary ka niasa mafy sy nanangona izay vola kely azony rehetra nandritra ny enin-taona. Avy eo, tsy maintsy nandeha lavitra izy mba hividy izany! Nampahery ny maro ny tantarany, ary nitarika ho amin'ny fananganana fikambanana iray manonta sy mampiely ny Baiboly manerana izao tontolo izao.

Tsy tahaka ny tamin'ny andron'i Mary Jones ny tontolo misy ahy sy ianao ankehitriny. Kanefa raisintsika ho boky miavaka hatrany ny Baiboly. Mazava loatra fa samy manana ny lahatsoratra masina sy manokana ho azy ny fivavahana rehetra. Fa nahoana isika no mino fa miavaka ny Baiboly?

## NY BAIBOLY, FANAMBARAN' ANDRIAMANITRA

Tao anatin'ny taonjato maro nifandimby, misy telo ireo loharanom-pahalalana hitan'ny olombelona: ny saina, ny fanandramana, ary ny fanambaran'Andriamanitra. Afaka mahita zava-baovao maro mahagaga ny sain'ny olombelona, izay manamora ny fiainantsika sy mampivoatra ny taranak'olombelona. Noho ny fanandraman'ny olona manokana dia manjary mivelatra ny fomba fijeriny ny fiainana sy ny fiarahamonina, ary manatsara ny fiainany sy ny fiainan'ny olombelona ankapobeny izany. Kanefa na ilaina tokoa aza ny sain'ny olombelona sy ny fanandramany mba hahazoana mahatakatra ny tontolo manodidina antsika, dia tsy ampy hahazoantsika fahalalana tanteraka ny zava-misy ireo, noho ny voka-dratsin'ny fahotana. Tsy isika no nampisy ny tenantsika, koa tsy haintsika ny manome heviny sy tanjona marina ny zavatra rehetra. Mila ny fanambaran'Andriamanitra isika (Deo. 29:29).

Eo amin'izay misy fitiavana dia misy fifandraisana, ary misy teny ambara. Araka izany, miteny Andriamanitra. Izany no nahatonga ny Isiraely fahiny nandala sy tia ny bokin'Andriamanitra.

Nanao fanambarana manandanja momba izany ny apôstôly Paoly: "*Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra*." - 2 Tim. 3:16,17. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia manana ny fahefan'Andriamanitra ny Baiboly satria avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra manokana.

Tsy bokin-tantara fotsiny ny Baiboly fa mirakitra fahamarinana lehibe koa, izay manamarina ny asan'ny Fanahy Masina sy mitondra antsika ho amin'ny fahamasahana ara-panahy. Aseho ao amin'ny 2 Tim. 3 fa misy tanjona efatra ampiasan'ny Fanahy Masina ny Baiboly:

Manome antsika ireo singa fototra iorenan'ny finoantsika ny Soratra Masina (foto-pampianarana/foto-pinoana). Kanefa rehefa mandika na tsy manaraka ireo fitsipika nomen'Andriamanitra isika, dia manamboatra antsika izany (fananarana/fanitsiana). Izany no mahazava-dehibe ny famakiana ny Baiboly, ka na ny zavatra tsy tiantsika ho fantatra aza dia manjary fantatsika. Mora mantsy ny mamaky ny Baiboly ho fanamafisana izay efa inoantsika rahateo. Saingy rehefa vakina araka ny tokony ho izy ny Soratra Masina, dia afaka mananatra sy manitsy antsika ny Fanahy Masina, manoro antsika ireo fahamarinana izay manova ny fisainantsika sy ny fitondrantenantsika (fandresen-dahatra). Farany, maneho antsika ny fomba fanarahana ny fitsipik'Andriamanitra ny Baiboly - ho fitaizana amin'ny fahamarinana (fanabeazana).

## MANEHO FIRAISANA EO AMIN'ANDRIAMANITRA SY NY OLONA NY BAIBOLY

Araka ny efa hitantsika dia avy amin'Andriamanitra ny hafatra ao amin'ny Baiboly, kanefa tsy maintsy nambara tamin'ny teny sy ny fisainan'ny olombelona izany, izay maneho taratra ny toerana sy ny vanim-potoana nanoratany.

Misy lahatsoratra isan-karazany maneho mazava ny toetran'ilay mpanoratra. Samy manan-danja ireo lafiny ireo, dia ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olombelona, ary tsy maintsy ampifandanjana tsara. Mila avahana izy ireo, kanefa tsy azo sarahina.

Amin'ny maha-tenin' Andriamanitra ny Baiboly dia manana heviny mandrakizay izany, ary miantefa amin'ny taranak'olombelona rehetra. Mihatra amin'ny olona tsirairay ny teniny na firy taona izy na firy, na aiza izy na aiza, ary na inona na inona kolontsainy. Izany no ilantsika mihaino ny Baiboly sy mankatò ny torolalany.

Nosoratana tamin'ny vanim-potoana sy toerana voafaritra, tamin'ny fitenin'ny olona sasany (Testamenta Taloha amin'ny teny Hebreo sy Arameana; Testamenta Vaovao amin'ny teny Grika) ny Soratra Masina, amin'izany no isehoan'ilay lafiny maha-olombelona. Noho izany dia ahitana ny fisainan'ny mpanoratra ihany ny Soratra Masina. Ny karazana literatiora, ny fomba fanoratra, ary ny voambolana ampiasaina dia tsy mitovy, arakaraka ireo ampahany samy hafa amin'ny Baiboly. Misy aza ny mpanoratra sasany mampiasa loharanon-kevitra izay tsy nosoratan'ny tenany. Noho izany, manana ny toetra mampiavaka azy ny boky tsirairay ao amin'ny Baiboly.

Tsy misy fatra ambony na fatra ambany tamin'ny nanomezan'Andriamanitra tsindrimandry ny olona, ary tsy sora-tononina nataon'Andriamanitra horaisin'ny olombelona an-tsoratra fotsiny tsy akory ny Baiboly. Rehefa fantatsika fa tsy azo sarahina ny lafiny maha-Andriamanitra sy maha-olombelona dia tsy hohadinointsika ireo lafiny roa ireo eo am-pandinihantsika sy fanazavantsika ny Baiboly. Mila dinihina araka ny tantara sy ny fomba nanoratana azy ny Baiboly (satria olona manokana no nanoratra izany tamin'ny vanim-potoana manokana), saingy tsy afaka mijanona hatreo isika satria mihoatra lavitra noho ny tantara fotsiny ny Baiboly. Fanambaran'Andriamanitra tsy voafetran'ny fotoana izany, izay miantefa amin'ny olombelona rehetra mandra-pahatonga ny fahataperan'izao tontolo izao. Amin'izany indray no isehoan'ny lafiny maha-Andriamanitra ao amin'ny Baiboly.

"*Ny Baiboly kosa, izay misy ireo fahamarinana avy amin'Andriamanitra voalaza amin'ny fitenin'ny olombelona, dia mampiseho firaisan'ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olombelona. Ny firaisana toy izany dia hita ao amin'ny toetran'i Kristy, Izay sady Zanak'Andriamanitra no Zanak'olona. Tanteraka amin'ny Baiboly, tahaka ny nahatanteraka izany tao amin'i Kristy ny hoe: 'Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika.'*" – Hery Mifanandrina, t. 10.

## NY TANTARANTSIKA, AO ANATIN'NY TANTARAN' ANDRIAMANITRA

Amin'ny endrika tantara no nanoratana ny fitopolo isan-jaton'ny Testamenta Taloha sy ny enimpolo isan-jaton'ny Testamenta vaovao. Tantara no nofidin'Andriamanitra satria afaka mampahery ny olona izany, ary mahazava ny hevitra tiana ambara mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra. Manana fomba fijery iraisana, araka izany, ireo olona 40 mpanoratra ny Soratra Masina. Iray ihany no tena olana, ary tokana no tena vahaolana, ho an'izy rehetra.

“*Dia nanomboka hatramin’i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevitry ny teny milaza Azy ao amin’ny Soratra Masina rehetra.*” – Lio. 24:27.

Zava-dehibe ilay teny hoe “*rehetra*” eto. Tsy miresaka ny amin’ireo faminaniana vitsivitsy momba ny Mesia i Jesôsy. Izao kosa no lazainy: “Anananareo ankehitriny ny tantara manontolo. Takatrareo izany izao, mihoatra noho ny fahatakaran’ny olona rehetra tany aloha. Fantatrareo ankehitriny ny hevitr’izany rehetra izany, ny drafitr’Andriamanitra.” Avy eo dia mitohy amin’ny fahatanterahan’ny teny amin’ny alalan’ilay fiarahamonina vaovao (ny fiangonana) ny Baiboly, mandra-pahatonga ny andron’ny Tompo, ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao, ary ny famongorana tanteraka ny fahotana.


Ny fomba tokana hahazoana manarina tantara ratsy iray dia ny fametrahana azy ao anatin’ny tantara iray lehibe kokoa. Rehefa mamaky ny Baiboly ianao dia hitanao ao ny nakana fanahy anao, ny fahalavoanao, ny nivoahanao tao Egipta, ny niampitanao ny ony Jordana, ny nirenirenenao tany an’efitra, ny nanaovana sesitany anao. Sokafan’Andriamanitra ny masonao, ary dioviny ianao. Manjary teny velona eo amin’ny fanandramana iainanao ny Baiboly (Heb. 4:12).

Ny tenin’Andriamanitra no mampisy ny fiainana, mandresy lahatra ny amin’ny fahotana, manatanteraka ny fanantenana, manome hery anao ao anatin’ny fahalemena, mitarika anao tsy hiraparapa ao amin’ny haizina. Tonga fanilon’ny tongotrao sy fanazavana ny lalanao izany (Sal. 119:105). Io no tantara manome heviny vaovao ny tantaram-piainanao manokana. Noho izany, mety ho ianao ilay vehivavy iray, na lehilahy iray ao amin’ny Boky. Azontsika atao ary ilaintsika ny ho isan’ireo olona ao amin’ny Boky!

I **Daniel Duda** dia filohan’ny Diviziona Trans-Eorôpeanina, eo anivon’ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

**Fanontaniana hosaintsainina:**

1. Inona no mampiavaka ny Baiboly amin’ireo boky masina hafa rehetra?
2. Efa nahatsapa ny tenanao ho mitovy amin’ny olona iray manokana ao amin’ny Baiboly ve ianao eo amin’ny fanandramanao ara-panahy?



TALATA

# Tsy sasatra mitady Andriamanitra

**Nosoratan'i Alexander Bryant**

Raha lazaina amin'ny fomba tsotra, ny filazantsara dia herin'Andriamanitra manova ny fiainana. Ny vaovao mahafalin'ny filazantsara no votoatin'ny Tenin'Andriamanitra. Hoy i Paoly ao amin'ny Rôm. 1:16: *"Fa tsy menatra ny filazantsara aho; fa herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany, amin'ny Jiosy aloha, dia vao amin'ny jentilisa koa."* Voaseho sy voaporofon'ny Tenin'Andriamanitra fa tsy mety ritra ny fitiavan'Andriamanitra, ambarany ny famindrampony sy ny tsy fahasasarany mitady ny zanany rehetra.

Mariho fa misy sokajin'olona roa voalazan'i Paoly fa iantefan'ilay herin'Andriamanitra mamonjy. Ho an'ny Jiosy sy ny jentilisa ny filazantsara. Hitantsika fa maneho ny mpianakavin'ny finoana ny Jiosy, dia ireo lehibe teo anivon'ny fiangonana. Ny Jentilisa kosa dia maneho ireo izay tsy mbola anisan'ny fiangonana mihitsy. Samy mila ny filazantsara anefa izy roa ireo. Mitovy ny tombam-bidin'izy ireo eo imason'Andriamanitra, samy tadiaviny, ary samy ho very raha toa ka tsy notadiavin'Andriamanitra.

Ny fahitana sy ny porofon'ny herin'Andriamanitra mamonjy no lohahevitra sy tantara manaitra indrindra ao amin'ny Baiboly. Miseho manomboka amin'ny bokin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apôkalipsy ny fikatsahan'Andriamanitra sy ny fiezahany fatratra hamonjy ny olombelona. Hita ao amin'ny Baiboly ireo olona maro isan-karazany – manomboka amin'ny "ambony" indrindra ka hatramin"ny "ambany" indrindra - izay vavolombelona manamarina ny herin'ny filazantsara manova sy mamonjy. Andriamanitra mandrakariva no manao ny dingana voalohany ao anatin'io tantaran'ny famonjena io.

## NY FITADIAVAN' ANDRIAMANITRA ANTSIKA

Indraindray, rehefa miresaka momba ny namonjena azy ny olona dia manao hoe: "Rehefa nahita ny Tompo aho dia . . ." Azoko tsara ny tian'izy ireny ambara sy ampitaina, saingy tsy maneho marina ny tantaran'ny famonjena izany, dia ny fitadiavan'Andriamanitra tsy mitsahatra ny olombelona, fa tsy ny fitadiavantsika Azy velively. Tsy Andriamanitra no very; tsy mila tadiavina Izy. Tsy isika no mahita an'Andriamanitra; Izy no mahita antsika.

Tao amin'ny saha Edena dia niantso an'i Adama Andriamanitra hoe: *"Aiza moa hianao?"* Miharihary manerana ny Soratra Masina ny fitadiavan'Andriamanitra ny very. Izy no nahita an'i Abrahama teo an-tendrombohitra Moria, nahita an'i Josefa tao an-davaka, nahita an'i Mosesy teo amin'ilay roimemy mirehitra, nahita an'i Elia tao anatin'ny zohy, nahita an'i Davida niandry ny ondrin-drainy, ary nahita an'i Paoly teny an-dalana ho any Damaskôsy. Andriamanitra mitady ny olombelona no lohahevitra lehibe ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Voafintina ao ny fitadiavan'Andriamanitra ny olombelona mbamin'ireo asa fanavotana maro ataony, araka ny drafi-pamonjena.

Mitondra fampaherezana sy fahalalana momba izay ataon'Andriamanitra amin'izao fotoana izao eo amin'ny fiainan'ny voariny rehetra ireo tantara ambaran'Andriamanitra ao amin'ny Teniny. Tsy mipetra-potsiny miandry antsika hanatona Azy tsy akory Andriamanitra, fa mitady antsika amimpahavitrihana sy fikirizana fatratra Izy. Tantara fohy nefa mafonja no hita ao amin'ny Lio. 15 momba ny fiezahan'Andriamanitra mamonjy ny voariny. Mpiasa mavitrika tokoa Andriamanitra. Mampahatsiahy antsika i Ellen White fa "*Tsy manavaka olona Andriamanitra, ary mitovy ny fikarakarany ny fanahy rehetra izay noforoniny.*" – Ilay Fitiavana Mandresy, t. 687.

Matetika no tsy hitantsika ny fomba fitadiavan'Andriamanitra antsika, kanefa tsy sasatra ny mitady antsika tokoa Izy. Andriamanitra no nanao ny dingana voalohany tao anatin'ny drafi-panavotana mba hitady sy hamonjy ahy. Nandamina sy nanamboatra ny toe-javatra ary nitarika ny lalako Izy ka nahatonga ahy ho afaka nifidy Azy sy ho voaovan'ny herin'ny filazantsara.

## ALAMINY NY TOE-JAVATRA

Tonga tao an-tanànanay ireo mambran'ny fiangonana advantista mba hanadihady sy hamantatra ireo izay liana ny amin'ny fianarana Baiboly; teo no nanomboka ny zava-drehetra. Tsy teo antoerana ny fianakaviako tamin'io, fa ilay mpifanolo-bodirindrina taminay, Ramatoa Jones, no nisoratra anarana. Nony fantany anefa fa Advantista ireo olona ireo dia nangataka izy mba tsy hiverenan'ireo ao aminy intsony fa aleo ao amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminy. Koa tonga tao antranonay izy ireo, ary nanaiky hanatanteraka ilay fianarana Baiboly ny ray aman-dreniko. Nasehony anay ny momba ny Sabata, ary ny porofo nambarany mikasika ny mahaandro Sabotsy ny Sabata dia nazava loatra teo anatrehako ka tsy azoko nolavina.

14 taona anefa aho tamin'izay, ary tena tia fanatanjahan-tena, tao anatin'ny klioban'ireo tovolahy tao an-tanàna izay mpilalao "basket-ball", baolina kitra, ary "baseball". Andro Sabotsy avokoa no natao hanaovana ireo lalao ireo, koa tsy vonona ny handao izany aho mba hankanesako any am-piangonana. Avy eo dia nisy toejavatra mahavariana nitranga. Nanapakevitra tampoka ny ray aman-dreniko hifindra amin'ny trano tsy misy mpifanolo-bodirindrina fa trano mitokana. Koa nanjary lavitra ilay tanàna aho, lavitra ny klioba sy ireo fanatanjahan-tena nankafiziko rehefa Sabotsy.

Sahabo ho herintaona taorian'ny nifindranay trano dia namangy anay indray ireo diakona nampianatra Baiboly anay mba hanontany vaovao, ary nanasa anay indray izy ireo ho tonga any am-piangonana, saingy tsy mbola nazoto ihany aho. Herinandro vitsy taorian'izany dia narary ny anankiray tamin'izy ireo, ka nandeha namangy azy tany amin'ny hôpitaly izaho sy ny raiko. Narary mafy tokoa izy, ary rehefa nanontany ahy izy raha afaka manampy azy aho, dia nanaiky aho. Noheveriko mantsy fa hangataka rano izy na nitady mpitsabo mpanampy. Kanjo hoy izy: "Izao no tiako hataonao ho ahy: mba tongava any am-piangonana amin'ny Sabata." Efa nanaiky moa aho (ary nampahatsiahiviny ahy izany), koa dia nataoko tokoa izany. Nahita ahy Andriamanitra, ary natao batisa tao amin'izany fiangonana izany aho tatỳ aoriana.

Ny tantarako dia ity: Andriamanitra nitady ahy. Tsy nitady azy Aho fa Izy no nitady ahy. Iza no nampirisika ny Advantista hanao fanadihadiana tao an-tanàna? Iza no nanosika an-dRamatoa Jones hanoro azy ireo ny fianakaviako? Iza no nanesika ny ray aman-dreniko hanapa-kevitra ny hifindra trano? Iza no niteny tamin'ireo diakona mba hamangy anay indray tatỳ aoriana? Iza no nahatonga ny raiko hamangy ilay diakona tany amin'ny hôpitaly? Iza no nitarika ilay diakona hangataka fanampiana amiko? Iza no nanome ahy fahavononana hiteny hoe: "eny, inona no azoko anampiana anao?" Andriamanitra no nandamina ny toe-javatra rehetra teo amin'ny fiainako mba hahatonga ahy ho eo amin'ny toerana izay ahafahako mandray ny filazantsara!

Araka izany, raha mbola olona velona koa, dia mitady azy Andriamanitra. Mbola mandamina hatrany ny toe-javatra eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra mba hamonjena antsika. Tsy mampaninona na teo anivon'ny fiangonana na tany ivelan'izany no nahabe anao; mikatsaka sy mitady ny fomba rehetra hamonjena anao Izy. Tsy misy olona ratsy loatra ka tsy tadiavin'Andriamanitra. Tsy misy fiainana simba loatra ka tsy hain'ny filazantsara avotana! Tsy misy olona latsaka ambany loatra ka tsy azon'ny filazantsara akarina. Tsy misy fiainana voalotom-pahotana loatra ka tsy voadion'ny herin'ny filazantsara. Teo amin'izay nihabiazan'ny ota no nihoaran'ny fahasoavana be lavitra. (Jereo ny Rôm. 5:20)

Manan-karena tantaran'ny fitadiavan'Andriamanitra ny taranak'olombelona ny Baiboly mba hanomezana antsika fanantenana ao amin'ny herin'ny filazantsara. Tsy mba mizaha tavan'olona Andriamanitra. Ity no vaovao mahafaly: mitady anao Andriamanitra! Efa nahita anao ve Izy? Raha tsy mbola hitany ianao, dia mbola mitady Izy!

**Voaseho sy voaporofon'ny Tenin'Andriamanitra fa tsy mety ritra ny fitiavan'Andriamanitra, ambarany ny famindrampony sy ny tsy fahasasarany mitady ny zanany rehetra.**

I **G. Alexander Bryant**, D.Min., dia filohan'ny Diviziona Amerika Avaratra, eo anivon'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

**Fanontaniana hosaintsainina:**


◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇

1. Inona ny andinin-tSoratra Masina fantatrao fa miresaka momba ny tsy fahasasaran'Andriamanitra mitady anao?
2. Ahoana no efa nahitanao ny fahasoavan'Andriamanitra nirotsaka taminao?

ALAROBIA

# NY TENY AMIN'NY MAHA-FANAMBARANA AZY
## Fandinihana ny Jao. 5:39

Nosoratan'i Robert Osei-Bonsu



**Rehefa mandinika ny "Teny amin'ny maha-fanambarana azy" isika, dia azo heverina fa ilaintsika ny manomboka izany amin'ny famaliana ny fanontaniana hoe: "Amin'ny fomba ahoana no anambaran'Andriamanitra ny Tenany?" Fototra iorenan'ny finoana kristianina izany. Nampahafantatra ny Tenany tamin'ny teny sy ny asa Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fantsona samy hafa, fa ny fanehoany amin'ny fahafenoany indrindra ny Tenany dia tao amin'i Jesôsy Kristy.**

Nasehon'Andriamanitra mazava ny Fikasany: ny hahalalan'ny olombelona Azy sy ny hananan'izy ireo fifandraisana mahavonjy Aminy amin'ny alalan'ny fanambarany, izay hitarika ho amin'ny fiarahana Aminy mandrakizay (Jao. 17:3). Samy mirakitra ny fomba nanehoan'Andriamanitra ny Tenany teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao, indrindra ny nanehoany ny Tenany teo amin'ny tantaran'ny Isiraely ary tamin'ny fomba feno indrindra tao amin'i Jesôsy Kristy. Raha tsy nisy ny fanambaran'Andriamanitra dia ho very ny olombelona, tsy ho nahalala akory ny tena toetran'Andriamanitra ary tafasaraka Aminy noho ny fahotany sy ny helony.

Araka izany, rariny indrindra ny iantsoana ny Baiboly hoe Tenin'Andriamanitra satria mirakitra ireo teny avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra izany. Ny hanome fahalalana antsika sy hampahafantatra antsika an'i Jesôsy no tanjon'ny Tenin'Andriamanitra. Hoy i Jesôsy ao amin'ny Jao. 5:39: "*Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay*, *ary ireny no manambara Ahy*." Manasongadina ny anjara asa fototra tanan'ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny maha-fanambarana avy amin'i Jesôsy azy io toko sy andininy manan-danja io.

## TONTOLON-KEVITRA ARA-TANTARA SY ARA-TEOLOJIA

Tamin'ny taonjato voalohany no nanoratana ny filazantsaran'i Jaona, teo anelanelan'ny taona 70 sy 90 TrK – vanimpotoana iray nanjakan'ny kolontsaina samihafa nifangaro (rômanina, grika, ary jiosy). Nisy tsy fifankahazoana teo amin'ireo mpitondra fivavahana jiosy teo ambany fanapahan'ny Rômanina sy ireo mpanara-dia an'i Jesôsy. Nihaika ireo mpitondra fivavahana jiosy manoloana ny fahatakaran'izy ireo ny Torah sy ny mpaminany ary ireo fombafombampivavahana ho fahefana faratampony ny fanambaran'i Jesôsy ao amin'ny Jao. 5:39. Naverin'i Jesôsy teo amin'ny Tenany ny fifantohan'ireo mpitarika ireo, Izy ilay fanambarana lehibe indrindra avy amin'Andriamanitra.

Misy resaka ifanaovan'i Jesôsy sy ireo manam-pahefana ara-pivavahana izay misalasala ny amin'ny fahefan'i Jesôsy sy ny maha-Izy Azy ao amin'ny filazantsaran'i Jaona. Notoherin'i Jesôsy ny fahatakaran'izy ireo ny Soratra Masina, ary nolazainy fa manambara Azy izany ka tokony handinika izany izy ireo ary hanaiky ny filazan'izany momba Azy: Izy no Lalana mankamin'ny fiainana mandrakizay. Hamafisin'ny Lio. 24:27, 44 sy 45 ny maha-ivon'ny Soratra Masina an'i Jesôsy sy ny anjara asany ao amin'ny drafipanavotan'Andriamanitra. Manasongadina ny maha-Tenin'Andriamanitra an'i Jesôsy ny Testamenta Vaovao; maneho an'Andriamanitra amin'ny fahafenoany Izy ary tanteraka ao Aminy ireo faminanian'ny Testamenta Taloha momba ny Mesia.

Tahaka izao ny fomba fijery kristianina: mba hahatakarana ny Tenin'Andriamanitra iray manontolo amin'ny mahafanambarana momba an'i Jesôsy azy, dia tsy maintsy fantarina ny ivon'ny Baiboly iray manontolo. Ny Testamenta Taloha dia mpialoha lalana ny Testamenta Vaovao, izay manambara an'i Jesôsy Kristy. Amin'ny alalan'ny Soratra Masina, manomboka ao amin'ny Genesisy hatramin'ny Apôkalipsy, no ampahafantarana ny drafi-panavotan'Andriamanitra. Tsy fitambaran-desona momba izay mety sy tsy mety atao na koa amboaran-tantara ny Tenin'Andriamanitra, fa fitantarana misy fitohizan-kevitra izay manasongadina an'i Jesôsy Kristy amin'ny maha-Mpamonjy an'izao tontolo izao Azy.

Manondro an'i Jesôsy ho Teny ny Jao. 1:1-14, Izy ilay Tenin'Andriamanitra mandrakizay izay nisy hatry ny fanorenana izao tontolo izao ary tonga nofo mba honina eto amintsika. Manamafy ny maha-Andriamanitra an'i Jesôsy izany, sy ny anjara asany ao amin'ny Famoronana sy ny Fanavotana. Manoritsoritra ny Teny koa ny Heb. 4:12 ka milaza fa velona sy mahery izany ary mahay mamantatra ny fisainana sy ny fo. Mahay mitondra fiovana ny Teny. Ny Jao. 5:39 sy ireo andalan-tenin'ny Baiboly hafa koa dia manondro ny Teny ho toy ny hery avy any an-danitra izay miasa ho fanehoana ny fikasan'Andriamanitra sy ny toetrany.

**Mihoatra noho ny mpampianatra na koa ny mpaminany i Jesôsy satria ao amin'ny Tenany mihitsy no anehoana ny hafatr'Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona.**

## HEVITRA ARA-TEÔLÔJIAN'NY JAO. 5:39

Ambaran'ny Jao. 5:39 fa mihoatra noho ny teny voasoratra fotsiny ny Tenin'Andriamanitra. Maneho ny toetra maha-Andriamanitra an'i Jesôsy izany, amin'ny maha-mpitondra hafatry ny drafi-panavotan'Andriamanitra Azy. Mihoatra noho ny mpampianatra na koa ny mpaminany i Jesôsy satria ao amin'ny Tenany mihitsy no anehoana ny hafatr'Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona. Izany hevitra izany no manasongadina ny lanjan'ny Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha eo amin'ny fanampiana antsika hahatakatra ny momba an'i Jesôsy sy ny fampianarany. Manasa ireo mpitondra fivavahana hametraka ny finoany ao amin'i Jesôsy ny Soratra Masina, Izy ilay fahatanterahana tonga lafatry ny hafatra torin'izany. Mahay manova antsika ny Tenin'Andriamanitra ka mitarika antsika ho amin'ny fitomboana ara-panahy sy ny fankatoavana ary ny fanahafana Azy. (Robert H. Gundry, *A Survey of the New Testament,* 5th ed. (Grand Rapids: Zondervan, 2012).

Valintenin'i Jesôsy tamin'ireo mpitondra fivavahana jiosy izay nisalasala momba ny Fahefany ny Jao. 5:39. Tsipihin'io toko sy andininy io ny tanjon'ny Soratra Masina, izay nohazavain'i Jesôsy tamin'izy ireo. "*Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy*." Ninoan'ireo mpitondra fivavahana ireo fa ho hitany ny lalana mankamin'ny fiainana mandrakizay raha mandinika ny Soratra Masina izy. Nambaran'i Jesôsy mazava anefa fa natao hanambarana Azy ny Soratra Masina, Izy ilay lalana mankamin'ny fiainana mandrakizay.

Mitaky fahatakarana ny tontolon-kevitra ny fahatakarana io toko sy andininy io. Mitantara ny nanasitranan'i Jesôsy lehilahy anankiray ny andalan-teny eo alohan'ireo. Nalemy nandritra ny 38 taona io lehilahy io. Tamin'ny andro Sabata no nanasitranana azy, ary nametra-panontaniana momba ny fahefan'i Jesôsy ireo mpitondra fivavahana. Nambaran'i Jesôsy tamin'izy ireo fa manana fahefana amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy Izy. Nohazavainy ao amin'ny and. 39 fa tsy natao hovakina fotsiny ny Soratra Masina fa natao hitarihana olona hankeo Aminy. Miorina Aminy ny Soratra Masina ary manambara ny Fiainany. Porofon'ny maha-Izy Azy sy ny antony nahatongavany tety ireny.

**Misy fiantraikany manan-danja eo amin'ny fahatakarantsika ny Baiboly io toko sy andininy io.**

Misy fiantraikany manan-danja eo amin'ny fahatakarantsika ny Baiboly io toko sy andininy io. Tsy amboaran-tantara na tononkalo fotsiny ny Baiboly fa mihoatra noho izany. Fanambaran'Andriamanitra ny drafi-panavotany amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy izany. Rehefa mianatra ny Soratra Masina isika, dia tsy maintsy mandalina ny fanambarany momba an'i Jesôsy sy ny asa fanavotana teo amin'ny hazo fijaliana. Amin'ny alalany irery ihany no ananantsika ny fiainana mandrakizay.

Fomba fijery mifantoka amin'i Kristy no tokony hoentintsika mandinika ny Soratra Masina. Ny andalan-teny tsirairay, ny tantara, na koa ny fampianarana dia tokony hovakina mba hahatakarana ny fifandraisan'izany amin'i Jesôsy. Rehefa mamaky momba ny fetezan'i Abrahama hanolotra an'i Isaka ho fanatitra isika dia hitantsika ao ny faneken'Andriamanitra hanolotra ny Zanany ho sorona ho antsika. Hitantsika ao amin'ny famakiana ny Salamo indray ny fihetsehampon'i Jesôsy sy ireo tolona natrehiny manoloana ny hazo fijaliany.

Tsy maintsy mianatra ny Tenin'Andriamanitra isika ary mampihatra izany. Tokony hitondra fahalalana sy hanova antsika ny Tenin'Andriamanitra. Tokony hanova antsika ny fitiavan'i Jesôsy sy ny fahasoavany ary ny fahamarinany rehefa mahafantatra Azy amin'ny alalan'ny Teny isika. Aoka isika hiezaka hiaina araka ny fomba izay maneho taratra ny Toetrany sy ny iraka nampanaovina Azy.

Ambaran'i Ellen G. White fa mijoro ho vavolombelon'i Jesôsy Kristy ny Baiboly: "Manambara an'i Kristy ny Soratra Masin'ny Testamenta Taloha, ary mitondra antsika ho amin'ny fahalalana ny anjara asany." (Ellen G. White manuscript 109, 1899). Asongadin'i Ellen G. White fa zava-dehibe ny fandinihana ny Soratra Masina mba hahatakarana ny momba an'i Jesôsy Kristy. Ambarany koa ao amin'ny boky "Ny dia ho eo amin'i Kristy" fa "*tsy ho an'ireo olona manam-pahaizana ihany no nanoratana ny Baiboly, fa natao ho an'ny besinimaro koa izany. Ny zava-dehibe tsy maintsy ilaina amin'ny famonjena dia natao miharihary toy ny mitataovovonana, ary tsy hisy ho diso hevitra sy ho diso lalana afa-tsy izay manaraka ny hevitry ny tenany ihany, fa tsy manaraka ny sitrapon'Andriamanitra voambara mazava ao amin'ny Teniny*." - t. 102. Ampiasao mba hampielezana ny fampianaran'i Jesôsy ny Tenin'Andriamanitra. Mahay manova ny fiainan'ny olona izany no sady mitondra fanantenana ho an'izao tontolo izao manontolo.

## NY FIANTRAIKAN'NY JAO. 5:39 EO AMIN'NY FANATANTERAHANA NY IRAKA

Raha amin'ny fomba fijery mifandraika amin'ny fanatanterahana ny iraka, ny Jao. 5:39 dia manasongadina ny anjara asa manan-danja tanan'i Jesôsy sy ny maha-zava-dehibe ny fampielezana ny Teny amin'ny alalan'ny fitoriana ny filazantsara. Manakiana ireo fomba fanao ara-pivavahana izay mametraka fahefana hafa ho ambonin'i Jesôsy io toko sy andininy io. Miantso fiovana eo amin'izay zavatra ifantohana izany, ary mandrisika antsika hitodika amin'ny Soratra Masina ka hahita an'i Jesôsy amin'ny maha-fanambaran'Andriamanitra marina Azy. Toko sy andininy hafa manasongadina ny fiantraikan'izany foto-kevitra izany eo amin'ny asa misiônera ny Asa. 4:12 sy ny Rôm. 10:14,15. Ireo andalan-teny ireo no manasongadina ny lanjan'ny fitoriana an'i Jesôsy ho Ilay hany hahazoam-pamonjena. Ny Jao. 5:39 indray dia miantso ny Kristianina rehetra (na avy aiza na avy aiza) mba hitory an'i Jesôsy amin'ny maha-Tenin'Andriamanitra Azy,

izay maneho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fahamarinana ary ny famonjena.

Io andalan-teny io dia mampirisika ny mpino hamaky ny Baiboly sy hanaiky fa manondro an'i Jesôsy izany. Zava-dehibe ny fampitaovana ny Kristianina sy ny fanaovana azy ireo ho mpianatra mba hahatakarany ny Baiboly sy hanekeny ny maha-ivon'izany an'i Jesôsy, ary ny hizarany amin'ny hafa ny fanambarana voasoratra ao. Raha ny fomba fijery mifandrindra amin'ny iraka ampanaovina antsika, dia manasongadina ny hafatr'i Jesôsy sy ny lanjan'ny anjara toerana tanany eo amin'ny fitoriana ny filazantsara ny Jao. 5:39. Rehefa manana izany fahalalana izany ny mpino, dia afaka mizara ny fanambarana ary mitarika ny hafa mba hahatakatra bebe kokoa ny Soratra Masina.

## FAMARANANA

Manohitra ny fampianarana araka ny lovantsofina ny Soratra Masina fa mifantoka amin'i Jesôsy kosa. Mora kokoa ny hahatakatra ny fampianaran'i Jesôsy rehefa takatsika ny tontolon-kevitra ara-tantara. Manampy antsika hahazo ny Tenin'Andriamanitra ny fandinihana ireo toko sy andininy manan-danja indrindra, ary manasongadina ny toetra maha-Andriamanitra an'i Jesôsy koa izany.

Manambara an'i Jesôsy Kristy ny Tenin'Andriamanitra. Mihoatra noho ny amboaran-dahatsoratra fahiny fotsiny izany. Fomba fijery mifantoka amin'i Kristy no tokony hoentina mandinika ny Tenin'Andriamanitra, ary tokony hikatsaka izay hahitana an'i Jesôsy amin'ny alalan'izany isika. Zava-dehibe indrindra ny hampiharana ireo fampianaran'i Kristy eo amin'ny fiainantsika andavanandro sy ny hamelana ireny hanova antsika. Tokony hampiasaintsika koa izany ho fanapariahana ny filazantsara. Tsarovy fa azontsika atao ny hahatakatra ny momba an'i Jesôsy sy ny hianatra momba Azy amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra. Andeha hataontsika izay hahazoana antoka fa mizara izany amin'ny hafa isika. Milaza amintsika ny Jao. 5:39 fa ny Soratra Masina no mitarika antsika hankeo amin'i Jesôsy ary manoro antsika ny lalana hankanesana eo Aminy. Rehefa mamaky sy mandalina ny Baiboly isika, dia aoka ho ao an-tsaintsika mandrakariva izany ka hezahintsika ny hahita ny fifandraisan'ny andalan-teny tsirairay amin'i Jesôsy.

Filohan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito any amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Andrefana i **Robert Osei-Bonsu**.

**Fanontaniana hosaintsainina**:

◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇

1. Efa nodinihinao ve ny fifandraisan'ny Jao. 5:39 amin'ny fomba fanatanterahantsika ny iraka nampanaovina antsika?
2. Ahoana no ahafahanao mampiasa ny Teny anio mba hampaherezana ny hafa?



ALAKAMISY

# Velomin'ny tenin' Andriamanitra.

Nosoratan'i Roger O. Caderma

Mitondra famelombelomana sy loharanon'aina ny Tenin'Andriamanitra eto amin'ny tontolo iray izay ibahanan'ny tabataban'ny fiainana ka mahatonga antsika tsy handre ny feon'Andriamanitra. Ny Sal. 19:7-14 no ohatra mahate ho tia iray maneho fa mitondra famelombelomana ho an'ny fanahy sy fifaliana ary fitarihan-dalana ho antsika ny Tenin'Andriamanitra. Ao anatin'izao hafatra fandinihantena izao no handalinantsika misimisy kokoa ny lohahevitra hoe: "Handeha aho, ary hizara ny Tenin'Andriamanitra." Ho hitantsika amin'izany ny hery manova ao anatin'ny fanambarana ny Fahamarinany, ary koa ny hanomezan'izany fiainana be dia be ho an'ny mpizara sy ny mpihaino.

## HANINA TSARA INDRINDRA

Miankina amin'ny sakafo hanintsika ny fahasalamantsika ara-panahy, tahaka ny iankinan'ny vatantsika amin'ny sakafo sy ny rano mba hitohizan'ny fahavelomana. Fialofana tsara ao anatin'ny tontolo miovaova sy feno toe-javatra tsy ampoizina ny Baiboly. Hodidinin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny firaisam-pony ary ny fahasoavany isika rehefa mandinika ny Teniny. Mamahana ny fanahintsika izany ka mampahatsiahy antsika ny toetran'Andriamanitra tsy miovaova sy ireo teny fikasana maro izay mafy orina. Tahaka ny rian-drano any an-tany efitra izany, izay mampitony ny hetahetantsika amin'ny rano mangatsiatsiaka mahafinaritra.

Ny sakafo ara-panahy indray, etsy ankilany, dia tokony hozaraina fa tsy hazonina ho antsika samirery. Rehefa mifanena amin'ny olona reraky ny hetaheta ara-panahy isika, dia azontsika atao ny manome azy ireo ilay rano mamelombelona izay hitantsika ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Amin'izany no hahatonga antsika ho fantsona ikorianan'ny fahasoavan'Andriamanitra, izay mamelombelona sy mitondra aina ho an'ireo manodidina antsika.

## FAHENDRENA HO ANTSIKA ISAN'ANDRO

Loharanom-pahalalana ny Baiboly. Mihamahataka-javatra sy mihahendry ireo izay mikatsaka izany. Maro amintsika no mihevi-tena ho bado na tsy hendry, nefa ny Tenin'Andriamanitra dia manana fahefana hanova ny tsy manam-pahendrena ho hendry. Manolotra torohevitra mahasoa izany mba hiatrehantsika ireo toe-javatsarotry ny fiainana.

Ny Baiboly dia feno tantaran'olontsotra izay nahavita zavatra misongadina tamin'ny alalan'ny finoana sy ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra. Ny finoan'izy ireny an'Andriamanitra sy ny fahatokiany amin'ny Teniny no namboatra lalana ho amin'ny fahaiza-manavaka ananany sy ny fahombiazany.

Mampiasa antsika Andriamanitra mba ho fantsona hampita ny fahendreny ka eo amintsika no hahazo fahazavana sy fanampiana ireo mitolona mafy eo am-piatrehana ny fahasarotan'ny fiainana. Azontsika atao ny mampitao azy ireo mba handraisany fanapahankevitra hendry izay manome voninahitra an'Andriamanitra sy mitondra ho amin'ny fiainana mahavokatra.

## FIFALIANA TENA IZY

Eto amin'ity tontolo misy antsika ity dia fanomezana sarobidy nefa mihelina ny fifaliana. Maro ny olona mikatsaka izany ao amin'ny fahafinaretana sy ny fialamboly mandalo, nefa hitany aty aoriana fa ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ihany no misy fifaliana tena izy sy maharitra. Ny Teniny no maneho ny lalana mankamin'ny tena fifaliana marina.

Marina ny lalàn'i Jehôvah satria maneho taratra ny toetrany lavorary sy mahitsy. Mampiala antsika eo amin'ny lalana mampidi-dozan'ny fahotana sy ny fitiavan-tena izany ka mitondra antsika ho eo amin'ny fiainana feno fitiavana sy fahasoavana ary fifaliana. Rehefa mankatò ny baikon'Andriamanitra isika, dia miaina fifaliana lalina sy maharitra izay azontsika hoentina mamakivaky ny toe-javatra samihafa.

Tonga mpitondra fifaliana isika rehefa mizara ny vaovao mahafalin'ny

Tenin'Andriamanitra amin'ny hafa. Ny fifaliana mahatalanjon'ny fahalalana an'i Kristy, sy ny vaovao mahafalin'ny fanavotana sy ny fanovana ataony ao anatintsika no zaraintsika. Mitondra fifaliana sy fanantenana ho an'ireo miatrika ny toe-java-tsarotry ny fiainana ny fijoroantsika ho vavolombelona.

## FAHAZAVANA MAMIRAPIRATRA AO ANATIN'NY HAIZINA

Tahaka ny fahazavana izay mitari-dalana antsika ao anatin'ny tontolo feno haizina ny Tenin'Andriamanitra; izy no mitsilo ny lalana ombantsika. "*Madio ny didin'i Jehovah, mampahazava ny maso*." - Sal. 19:8b. Manoro ny lalana hizorana ao anatin'ny fotoana tsy ananan-toky izany, mitondra fanantenana ao anatin'ny fahakiviana, ary koa fahazavana ao anatin'ny fahaverezan-kevitra. Manome hery mba handehanantsika amin'ny Fahamarinany ny lalàn'Andriamanitra satria manafaka izany fa tsy mangeja.

**Tonga mpitondra fifaliana isika rehefa mizara ny vaovao mahafalin'ny Tenin'Andriamanitra amin'ny hafa.**

Tonga fahazavana ato anatin'ny tontolo feno haizina isika rehefa mampiely ny hafatry ny Tenin'Andriamanitra amin'ny hafa. Manampy ny hafa hahafantatra ny lalana mankamin'ny famonjena sy ny fahamarinana isika, ary manondro azy ny lala-marina amin'ny fotoana mahavery azy sy itadiavany ny hevitry ny fiainana. Manjary fijoroana ho vavolombelona ny fiainantsika, mazava mamirapiratra eo anoloan'ny olona rehetra ho porofon'ny hery mahay manova ananan'ny Tenin'Andriamanitra.

## FAHALALANA ARA-PANAHY MANAN-DANJA

Eo amin'ny diantsika mankamin'ny fahazoana fahalalana ara-panahy no analantsika sarona ny fahamarinana izay mampifandray ny hanina azontsika ao amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny antso iray lehibe kokoa: ny iraka nifidianana antsika.

Ekentsika fa zava-dehibe ilaintsika ny mamahana ny saintsika amin'ny alalan'ny fianarana isan'andro ny Teniny mba hiomanantsika ho amin'izany andraikitra izany. Mihoatra noho ny fahalalana tsotra izany, satria hanim-py ara-panahy, loharanon-kery izay manetsika sy mampiaina ny atifo. Tsy manan-danja ho an'ny fahazoan'ny tena manokana fahalalana fotsiny ny fanekena ny Tenin'Andriamanitra ho mpitari-dalana tonga lafatra sy azo itokiana, fa manan-danja koa ho an'ny fahavononana hanatontosa ny iraka niantsoana antsika.

Ho fanampin'izany, dia misongadina koa ny fetezana hankatò ny Tenin'Andriamanitra, izay mifamaly amin'ny teny fikasana momba ny famaliana lehibe resahin'ny Sal. 19:11. Fitahiana roa sosona no tondroin'izany: ny fitomboana manokana vokatry ny fiainana araka ny Tenin'Andriamanitra, ary ny fahavononana ho amin'ny iraka hotontosaina. Dingam-pivoarana izany ka ny Tenin'Andriamanitra no mpitari-dalana sy loharanon-kery ary loharanom-pifaliana.

Mifandraika amin'ireo fahamarinana manan-danja ireo ny fahendrena tsy lefin'ny taona nampitain'i Ellen G. White izay manakoako ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana: "Manoro hevitra anao aho, ry mpamaky malala, mba hanao ny Tenin'Andriamanitra ho fitsipika mifehy ny

finoanao sy ny fitondrantenanao." - Ellen G. White, *Early Writings* (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1882, 1945), t. 78. Tsy hevitra mandalo fotsiny izany fa fitsipika fototra izay mandrindra ny diam-pinoana ataontsika sy ny fahavononantsika hanao ny anjara asa nampiandraiketina antsika. Asongadin'ny fampianaran'i Ellen G. White izao fahamarinana tsy mety lefy izao: mihoatra noho ny boky tsotra ny Baiboly, satria mpitari-dalana feno fahefana izay manondro antsika ny lalan'ny finoana sy ny fanatanterahana iraka tokony hizorana.

Mifarana eo amin'ny and. 14 ny vakitenintsika, izay tonga fanolorantena manokana: "*Aoka ny tenin'ny vavako sy ny fisainan'ny foko samy hankasitrahana eo imasonao, Jehovah ô, Vatolampiko sy Mpanavotra ahy*." Mihoatra noho ny faniriana ny hahazo fanadiovana manokana fotsiny izany fahatakarana izany fa ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny fiainantsika dia tsy mijanona ho fahalalana fotsiny fa fahavononana handray anjara amin'ny drafitr'Andriamanitra.


Rehefa mitory ny filazantsara amin-kery sy fahefana isika dia tonga fijoroana ho vavolombelona velon'ny hery manova ananan'ny Teniny ny fiainantsika. Nofidina hanatontosa iraka iray isika, tsy fifidianana anarany fotsiny izany fa fanekena fa ny fiainantsika izay velomin'ny Teniny dia voatohana sy nomena hery mba hanatratra tanjona iray lehibe kokoa noho ny tenantsika.

**I Roger O. Caderma** no talen'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito any amin'ny Diviziona Azia Atsimo-Pasifika.

**Fanontaniana hosaintsainina**:

◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇◇

1. Amin'ny fomba ahoana no ameloman'ny Tenin'Andriamanitra ny fanahinao?
2. Moa ve ny famakiana ny Soratra Masina zary "fahalalana fotsiny" ho anao? Inona ny fanovana azonao atao mba hahatonga izany hiteraka asa?



Zoma

# Mitory ny teny amin'ny fotoana mampisavorovoro an'izao tontolo izao.

Nosoratan'i Yo Han Kim

Ao anatin'ny fijaliana izao tontolo izao. Tsy misy olona afa-mandà fa ity tontolo izay misy antsika ity dia miaina ao anatin'ny savorovoro, ary mahakasika ny rehetra izany. Mazava loatra, azo raisina ho fotoana fanararaotra hiresahana momba ny hafatr'Andriamanitra amin'ny andro farany amin'ireo kivy sy tsy manana toky ireny toe-java-tsarotra ireny. Mihamisokatra kokoa handray resaka mahakasika ny zava-panahy ny olona, saingy tsy midika izany fa mihamora ny fitoriana ny Tenin'Andriamanitra.

## TONTOLON-KEVITRA

Vanim-potoana iray mahaliana tokoa no resahin'ny Asa. 4. Azo heverina ho mitovitovy amin'izay atrehintsika amin'izao andro izao izany. Olona marobe no ao anatin'ny fahakiviana sy ny fahadisoam-panantenana ary ny tsy fahazoana antoka. Very hevitra ny olona ary resin-tahotra. Na dia nanatrimaso ny fiakaran'i Jesôsy Kristy tany an-danitra aza ireo mpino (Asa. 1), teo koa ny herin'ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekôsta (Asa. 2) ary ny nanasitranana ilay lehilahy nalemy tongotra tao amin'ny tempoly (Asa. 3), dia mbola nisy hatrany ny tebiteby noho ny fiatrehan'izy ireo ny fanoherana mahery vaika sy ny fanenjehana nataon'ireo mpitondra fivavahana. Teo indrindra no niditra ny Asa. 4:4: "*Kanefa maro tamin'izay nandre ny teny no nino, ka dia tonga tokony ho dimy arivo no isan'ny lehilahy*." Manan-danja ho antsika ankehitriny io toko sy andininy io, satria tsy maneho fotsiny ny herin'ny Teny ao anatin'ny fotoan'ny hotakotaka izany, fa miantso antsika koa mba hiray saina eo amin'ny fanatanterahana ny iraka amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika.

## NY HERIN'NY TENY

Na dia nampidirina am-ponja aza i Petera sy i Jaona (Asa. 4:3) noho ny "*nampianaran'ny Apostoly ny vahoaka sy ny nitoriany tamin'ny alalan'i Jesosy ny fitsanganana amin'ny maty*"- and. 1, 2, dia nino ireo izay nandre ny hafatra ary nitombo isa (and. 4). Ampahatsiahivin'ny Asa. 4 antsika fa ny Tenin'Andriamanitra dia mijoro tahaka ny fanilon'ny fahamarinana sy ny fahazavana tsy mety lefy. Tsy zavatra ampiasaina ho môdely fotsiny izany fa fanambarana momba an'Andriamanitra mihitsy ao anatin'ny fotoan'ny korontana sy ny tsy fahazoana antoka. Fitaovam-pifandraisana ampiasain'ny lanitra ny Tenin'Andriamanitra mba hanome aina sy hampahery ary hanova antsika. Misy hery tokoa ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Izao no ambaran'ny Soratra Masina amintsika ao amin'ny Heb. 4:12: "*Fa velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo*."

**Nofidina isika mba hahery fo sy tsy hihozongozona hahafahantsika manatratra ireo very ao anatin'ny fotoan'ny tsy fahazoana antoka sy ny fisavorovoroana.**

Mampahatsiahy antsika izany hery tsy manam-petra izany i Ellen White: "*Noho ny heriny (herin'ny Baiboly), dia afaka tamin'ny fatoran'ny fahazarana feno fahotana ny lehilahy sy vehivavy. Niala tamin'ny fitiavan-tena izy ireo. Ny mpaniratsira tonga feno fanajana, ny mpisotro toaka manjary mahonon-tena, ny ratsy fitondran-tena lasa mendrika. Ireo fanahy izay nitondra ny endrik'i Satana dia voaova ka naka ny endrik'Andriamanitra. Zava-mahagaga ambonin'ny zava-mahagaga rehetra izany fiovana izany. Ny fiovana vokatry ny Teny dia iray amin'ireo zava-miafina saro-takarina indrindra ao amin'izany Teny izany. Tsy haintsika hazavaina izany; ny mino no azontsika atao.*"- Fanabeazana Kristianina, t. 190.

Mampalahelo tokoa fa velona ao anatin'ny fisavorovoroana manerana izao tontolo izao isika. Raha ny marina, dia mihatafalatsaka hatrany ao anatin'ireo vokatry ny fahotana ity tany ity. Misy anefa ny fanantenana! Manome fanantenana lehibe indrindra ao amin'i Kristy ny Tenin'Andriamanitra. Mamakivaky ireo sakana samihafa izany ary mandrodana ireny. Manome toky antsika izany ary mampahatsiahy antsika ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahatokiany. Farany, ny Tenin'Andriamanitra no manambara fa nofidina hanatontosa ny irak'Andriamanitra isika.

## NOFIDINA HAMITA IRAKA

Rehefa nampitandremana mba tsy hiteny na hampianatra amin'ny anaran'i Jesôsy i Petera sy i Jaona (Asa. 4:18), dia izao no navalin'izy ireo: "*Tsaraonareo na marina eo imason'Andriamanitra, na tsia, ny hanaiky anareo mihoatra noho Andriamanitra*." Aorian'izay ny fanambarana fantadaza nataon'ireo apôstôly, ao amin'ny and. 20: "*Fa izahay tsy maintsy milaza izay zavatra efa hitanay sy renay*." Ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fandraisana anjara amin'ny iraka nampanaovin'Andriamanitra no niantsoana azy ireo sy tanjon'ny fiainany.

Roa arivo taona taorian'ny Asa. 4, velona ao anatin'ny vanim-potoana ilan'izao tontolo izao ny hafa-panantenana mihoatra noho ny hatramin'izay isika. Mitarika ny olona hitady valinteny sy ny dikan'ny fiainana ny tsy fahazoana antoka sy ny hotakotaka mihamitombo. I Kristy ary koa ny fanantenana sy ny fahamarinana ao Aminy irery ihany no afaka manome fifaliana sy fiadanana tena izy. Misy iraka lehibe nankinin'Andriamanitra tamintsika mba hotanterahintsika amin'ny andro farany. Nifidy antsika Andriamanitra mba hizara an'izay efa hitantsika sy rentsika.

Andeha hotsiahivintsika izay nosoratan'i Ellen White: "Nambara tamintsika velona amin'izao fotoampiafaran'ny tantaran'ny tany izao ny Tenin'i Kristy. '*Ary raha vao miandoha izany zavatra izany, dia miandrandrà, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo*.' Tsy milamina ny firenena. Manoloana antsika ny fotoan'ny fahaverezan-kevitra. Mirohondrohona ny onjan-dranomasina; reraka ny fon'ny olona amin'ny fiandrasana izay zavatra hitranga ambonin'ny tany; fa ireo izay mino ny Zanak'Andriamanitra kosa dia handre ny feony ao anatin'ny kotrobaratra, hiteny hoe: '*Aza matahotra, Izaho ihany*.' (…) Hitantsika ny fahalatsahan'izao tontolo izao ao anaty faharatsiana sy fahadisoana. Saika mahenika izao tontolo izao ny fikomiana atao amin'ny didin'Andriamanitra. Misy asa tokony hotanterahina manerana izao tontolo izao, eo anivon'ny firohondrohon'ny fientanentanam-po ombam-pifamahofahoan-javatra izay mitranga amin'ny toerana rehetra."- Evangelism, t. 18.

Rehefa nanatri-maso ny nahafahan'i Petera sy i Jaona avy tao am-ponja sy nandre ny tatitra nataony ny olona, dia "*niara-nanandratra ny feony ho amin'Andriamanitra*."- Asa. 4:24. Mariho ny vavaka mahagaga nataon'izy ireo ao amin'ny and. 29 sy 30: "*Koa ankehitriny, Tompo ô, jereo ny fandrahonany; ary omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin'ny fahasahiana rehetra, omban'ny aninjiranao ny tànanao hahasitrana sy ny anaovana famantarana sy fahagagana amin'ny anaran'i Jesosy, Mpanomponao Masina*." Indro ny

valin'ny fivavahan'izy ireo: "*Ary rehefa nivavaka izy, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin' Andriamanitra tamin'ny fahasahiana*."- and. 31.


## FAMARANANA

Ny fiorenana amin'ireo teny fikasan'Andriamanitra sy ny fanekena ny antsony ho amin'ny famitana iraka no andraikitra napetrak'Andriamanitra tamin'ny olona 2.000 taona lasa izay, ary amin'izao andro izao indrindra indrindra. Tsy safidy izany fa ampahany amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika mihitsy. Rehefa misaintsaina ny teny voalaza ao amin'ny Asa. 4 isika, dia aoka hotsaroantsika ny iraka napetraka hataontsika. Nofidina isika mba hahery fo sy tsy hihozongozona hahafahantsika manatratra ireo very ao anatin'ny fotoan'ny tsy fahazoana antoka sy ny fisavorovoroana. Enga anie isika mba hino sy hampihatra ary hitory ny Tenin'Andriamanitra ao anatin'izao vanim-potoana isian'ny fisavorovoroana maneran-tany izao! Irariana mba ho fanambarana tanantsika amin'izao andro izao ny fanambaran'i Petera sy i Jaona hoe: "*Fa izahay tsy maintsy milaza izay zavatra efa hitanay sy renay*."

I **Yo Han Kim** dia Talen'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito any amin'ny Diviziona Azia Avaratra-Pasifika.

**Fanontaniana hosaintsainina**:

1. Ahoana no hahatonga antsika hahery fo sy tsy hihozongozona ao anatin'ny vanim-potoan'ny fisavorovoroana?
2. Inona no efa hitanao sy renao teo amin'ny fandalinanao ny Tenin'Andriamanitra ka azonao zaraina amin'ny hafa?





# Izao tontolo izao sy ny fitoriana farany ny filazantsara.

Nosoratan'i Ellen White

"Isan-taranaka nifandimby dia naniraka ny mpanompony Andriamanitra hanameloka ny fahotana, na teo amin'izao tontolo izao na tao amin'ny fiangonana. Nefa zavatra malefadefaka no irin'ny olona holazaina aminy, ka tsy azony ekena ny fahamarinana madio, tsy misy hosokosoka. Betsaka ireo mpanavao fivavahana no nanapa-kevitra, raha nanomboka ny asany, fa hitandrina fatratra amin'ny famelezana ireo fahotan'ny fiangonana sy ny firenena. Nanantena izy ireo, fa, amin'ny alalan'ny ohatry ny fiainana Kristianina madio asehony no hampiverina ny vahoaka ho amin'ny fampianaran'ny Baiboly.

**Nanindry azy ireny anefa ny Fanahin'Andriamanitra, tahaka ny tamin'i Elia, izay nanetsika azy hanameloka ny fahotan' ilay mpanjaka ratsy fanahy sy ny vahoaka nivadika; koa tsy azony natao ny tsy hitory ireo teny mazava ao amin'ny Baiboly, dia ireo foto-pinoana izay nampisalasala azy ny haneho azy. Voatery izy hanambara tamin-kafanam-po ny fahamarinana sy ny loza izay nananontanona ny fanahy. Ny teny izay nolazain'ny Tompo no nambarany, ka tsy natahorany izay ho vokatr'izany, ary dia voatery nihaino ny fampitandremana ny vahoaka.**

*"Toy izany koa no hitoriana ny hafatry ny anjely fahatelo. Rehefa tonga ny fotoana hanaovana izany amin-kery lehibe indrindra, dia hiasa amin'ny alalan'ny fitaovana feno fanetren-tena ny Tompo, ka hitarika ny sain'ireo izay manolo-tena ho amin'ny fanompoana Azy. Ny hosotry ny Fanahiny no hahamendrika ny mpiasa mihoatra noho ny fianarana norantoviny tany amin'ny sekoly ambony. Hisy olona manam-pinoana sy tia vavaka ho voasesy hiroso amin'ny hafanam-po masina, ka hanambara ny teny omen'Andriamanitra azy. Haharihary ny fahotan'i Babylona.* (...) *Hifoha amin'ny alalan'ireo fampitandremana miezinezina ireo vahoaka. An'arivorivony ny olona hihaino ny teny izay tsy mbola reny na oviana na oviana. Gaga izy raha mandre ny fanambarana fa i Babylona dia ny fiangonana izay lavo noho ny hevi-disony sy ny fahotany, noho ny fandavany ny fahamarinana nalefa ho azy avy tany an-danitra. Rehefa mankany amin'ireo mpampianatra azy teo aloha ny olona ka manontany mafy hoe: marina tokoa ve izay voalaza? Dia angano no hasetrin'ny mpitandrina, haminany zavatra mamy izy, mba hampitony ny tahotra sy hampangina ny feon'ny fieritreretana efa nifoha. Nefa satria maro ny olona no handà tsy ho afapo amin'ny fahefan'olombelona fotsiny fa mitaky ny 'Izao no lazain' i Jehovah' mazava, toy ireo Fariseo fahiny, dia ho feno hatezerana ireo mpitandrina mamim-bahoaka rehefa isalasalana ny amin'ny fahefany, ka holazainy fa avy amin'i Satana ny hafatra ary hanentana ny vahoaka marobe fatra-mpankamamy fahotana izy ireo mba hanaratsy sy hanenjika izay mitory izany*.

## MANAFOANA NY FAHAZAVANA

*"Taitra i Satana rehefa mitatra ho amin'ny saha vaovao ny ady ka voasarika ho amin'ny lalàn'Andriamanitra voahitsakitsaka ny sain'ny vahoaka. Mainka haharomotra ireo izay manohitra ny hafatra ny hery manohana ny fitoriana izany. Hanao ezaka mihoatra noho izay mety ho vitan'ny olombelona ny mpitondra fivavahana mba hisakanana ny fahazavana tsy hamirapiratra amin'ny ondry andrasany. Hampiasainy ny fomba rehetra eo am-pelatanany mba hanafoanany ny adihevitra mety hatao mikasika ireo fahamarinana fototr'aina ireo. Hitady tohana amin'ny sandry maherin'ny fahefam-panjakana ny fiangonana ary hiray hina amin'izany asa izany ny mpiandany amin'ny papa sy ny Protestanta. Rehefa mandroso mihasahy sy mihahenjana ny fihetsiketsehana ho fanamafisana ny Alahady, dia hampiasaina hoenti-manohitra ireo izay mitandrina ny didin'Andriamanitra ny lalàna. Horahonana handoa sazy sy haiditra an-tranomaizina izy, ary hisy sasany hotolorana toerana ambony, ny sasany kosa valisoa sy tombon-tsoa, ho fitaomana azy hiala amin'ny finoany. Nefa izao no valinteniny tsy miova: 'Asehoy amin'ny alalan'ny tenin' Andriamanitra fa diso izahay' - dia ilay valinteny nataon'i Lotera tamin'ny toe-javatra mitovy amin'izany. Hiaro ny fahamarinana amin-kery ireo izay hantsoina eo anatrehan'ny fitsarana ary hisy amin'izay mandre azy ireo no ho voataona hifidy ny hitandrina ny didin'Andriamanitra. Amin'izany fomba izany no hitondrana ny fahazavana ho amin'ny olona an'arivony, raha tsy izany dia tsy ho nandre na inona na inona ny amin' ireo fahamarinana izy ireo*.

**Rehefa tonga ny fotoana hanaovana izany amin-kery lehibe indrindra, dia hiasa amin'ny alalan'ny fitaovana feno fanetren-tena ny Tompo, ka hitarika ny sain'ireo izay manolo-tena ho amin'ny fanompoana Azy.**

*"Holazaina fa fikomiana ny fankatoavana ny tenin' Andriamanitra ho fanarahana ny feon'ny fieritreretany. Hohajambain'i Satana ny ray aman-dreny ka ho sarotiny sy ho henjana amin'ny zanany izay mino, ny mpampiasa lahy na vavy dia hampahory ny mpiasany izay mitandrina ny didy. Ho levona ny fitiavana, tsy havela handova ny zanaka ary horoahina tsy ho ao an-tokantrano. Ho tanteraka ara-bakiteny ny tenin'i Paoly manao hoe: 'Izay rehetra te-ho velona amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy Jesosy, dia henjehina'- 2 Tim. 3:12. Rehefa mandà tsy hanaja ny Sabata-Alahady ireo mpiaro ny fahamarinana, dia hisy hatao an-tranomaizina sy hatao sesi-tany, hoentina tahaka ny andevo. Araka ny fahendren'olombelona dia toa tsy mety hisy izany ankehitriny; nefa kosa, rehefa esorina tsy ho eo amin'ny olona ny Fanahin'Andriamanitra izay mitana azy, ka i Satana no hanapaka azy tanteraka, dia izy izay mankahala ny fitsipik' Andriamanitra, dia hisy zava-mahagaga hitranga. Lozabe mantsy ny fo rehefa miala ny fahatahorana an'Andriamanitra sy ny fitiavana Azy.*

*"Raha manatona ny tafio-drivotra, dia misy antokon'olona maro izay niseho ho mino ny hafatry ny anjely fahatelo, nefa tsy nohamasinina tamin'ny alalan'ny fankatoavana ny fahamarinana, no hiala amin'ny toerany ankehitriny ka hirotsaka eo amin'ny laharan'ny mpanohitra. Niray tamin'izao tontolo izao izy sady nifindran'ny toe-tsainy, ka nanjary saiky nitovy ny fomba fijeriny ny toe-javatra; ary rehefa tonga ny fisedrana, dia efa voaomana mialoha hifidy ny lalana mora arahin'ny besinimaro izy ireo. Misy olona manan-talenta sy fahaizana mahataona, izay efa nahita fifaliana tamin'ny fanarahana ny fahamarinana, nefa ankehitriny dia mampiasa ny heriny hamitaka ny fanahy sy hampivily azy amin'ny lalan-diso. Ireo no hanjary fahavalon'ny rahalahiny teo aloha sady hasiaka indrindra. Rehefa hoentina eo anatrehan'ny fitsarana ny mpitandrina ny Sabata mba hanazava ny amin'ny finoany, dia ireny mihemotra ireny no ho fiasan'i Satana mahomby indrindra mba hanosoram-potaka sy hiampangana azy, ka ny tatitra lainga hataony sy ny hevitra hasosony no hanosika ny mpanapaka hamely azy ireo*.

**"Tsy sahinay ny manova ny tenin' Andriamanitra, ka hampisaraka ny lalàny masina; koa ny sasany hambaranay ho tena ilaina, fa ny sasany kosa tsy dia ilaina loatra, mba hankasitrahan'izao tontolo izao anay."**

## MIJORO HO AN'NY FAHAMARINANA

**"***Hosedrainy ny finoan'ny mpanompon'i Jehovah amin'io fotoana fanenjehana io. Efa nomeny tamim-pahatokiana ny fampitandremana, ka Andriamanitra sy ny teniny ihany no nojereny tamin'izany. Ny Fanahin'Andriamanitra, izay nanetsika ny fony, no nanery azy hiloa-bava. Hafanam-po masina no nanainga azy, ary Andriamanitra no nanindry azy mafy ka notanterahany ny adidiny ary tsy nahoany kely akory izay mety ho vokatry ny filazana amin'ny olona ny teny nampitondrain'i Jehovah azy. Tsy nijery ny tombontsoany ara-nofo izy na nitady izay hiarovany ny lazany na ny ainy. (…) Voahodidin'ny zava-tsarotra izy. Mamely azy amin'ny fakam-panahy mahamay i Satana. Toa mihoatra lavitra noho izay mety ho vitany ny asa natombony. Tandindomim-pahafatesana izy. Lasa ny hafanam-po nampientana azy; nefa tsy afaka miverin'ilalana izy. Amin' izay, rehefa tsapany ny fahalemeny tanteraka, dia hiolomay hitady hery hankeo amin'ny Tsitoha izy. Tsaroany fa tsy azy ny teny nambarany fa an'Ilay nibaiko azy hitondra ny hafatra fampitandremana. Nataon'Andriamanitra tao am-pony ny fahamarinana, ka tsy azony atao ny tsy hitory izany. (…)*

*"Ny fahamarinana vaovao rehetra dia samy nanavatsava ny lalany teo anivon'ny fankahalana sy ny fanoherana; izay nandray fitahiana avy tamin'ny fahazavany dia samy nalaim-panahy sy nosedraina mafy. Manome fahamarinana manokana ho an'ny olona ny Tompo eo amin'ny fotoan-tsarotra. Iza no sahy tsy hitory izany? Mibaiko ny mpanompony Izy hanao ny antso faran'ny famindrampo*

*ho an'izao tontolo izao. Tsy afaka hangina izy ireo, satria mety hampidi-doza ny fanahiny ny fihetsika toy izany. Tsy tokony hiraharaha izay ho vokatry ny asany ireo ambasadaoron'i Kristy. Tsy maintsy manatanteraka ny adidiny izy ary avelany amin'Andriamanitra izay ho vokatr' izany.*

*"Raha mirongatra miha-lozabe hatrany ny fanoherana azy, dia mitebiteby indray ny mpanompon'Andriamanitra; satria noheveriny fa izy ireo ihany no nahatonga io ady sarotra io. Nefa manome toky azy ny feon'ny fieritreretany sy ny tenin'Andriamanitra fa marina ny lalan-kizorany; ary na dia mitohy aza ny fitsapana, dia mahazo hery hahazakana izany izy. Na dia mitohy sy miha-henjana hatrany aza ny tolona, dia vao mainka mitombo araka ny fahasarotan'ny toe-javatra ny finoany sy ny herim-pony. Hoy ny teniny: 'Tsy sahinay ny manova ny tenin'Andriamanitra, ka hampisaraka ny lalàny masina; koa ny sasany hambaranay ho tena ilaina, fa ny sasany kosa tsy dia ilaina loatra, mba hankasitrahan'izao tontolo izao anay. Afaka hamonjy anay Andriamanitra izay tompoinay. Efa resin'i Kristy izao tontolo izao; ka moa ve izahay hatahotra an'izao tontolo izao izay efa resy?'*

## FIHETSEHANA MATANJAKA

*"Ny fanenjehana amin'ny endriny samihafa dia fivelaran'ny foto-kevitra anankiray izay tsy ho foana mihitsy raha mbola misy koa i Satana ary raha mbola manan-kery koa ny fivavahana kristiana. Tsy misy olona hanompo an'Andriamanitra ka tsy hihantsy ireo tafiky ny haizina hirotsaka hanohitra azy. Hanafika azy ny anjelin'ny ratsy, noho ny fahatahorany andrao votsotra eny am-pelatanany ny rembiny noho ny fiasany mangina. Hisy ratsy fanahy, izay hahatsiaro fa meloka noho ny ohapiainana omeny ka hiray amin'ireo anjely ratsy amin'ny fitadiavana izay hampisaraka azy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fakam-panahy maharenoka. Rehefa tsy mahomby izany, dia hampiasaina ny fahefana hamoretana ny feon'ny fieritreretany.*

*"Nefa raha mbola manalalana ho an'ny olombelona ao amin' ny fitoerana masina any ambony koa i Jesosy, dia mbola hanan-kery amin'ny mpifehy sy ny vahoaka ny herin'ny Fanahy Masina Izay miasa hamepetra ny fihetsika. (…) Mibitsika amin'ireo mpanompony ny fahavalo mba hanao lalàna izay hiteraka fisakanana makadiry amin'ny asan'Andriamanitra; nefa misy mpitondra fanjakana matahotra an'i Jehovah hiasan'ny anjely mangina mba hanohitra ireo sosokevitra ireo amin'ny alalan'ny fonjan-kevitra tsy azo ialana. Hisy olom-bitsy izay hisakana ny riana maherin'ny ratsy. Hanam-petra ny fanoherana ataon' ireo fahavalon'ny fahamarinana mba ahazoan'ny hafatry ny anjely fahatelo manao ny asany. Rehefa alefa ny hafatra fampitandremana farany, dia hitana ny sain'ireo olona ambony izay iasan'i Jehovah ankehitriny izany,*

*ka hisy amin'izy ireo hanaiky ary hiaramijoro amin'ny vahoakan'Andriamanitra mandritra ny androm-pahoriana.*

"*Ny anjely izay manampy amin'ny fitoriana ny hafatry ny anjely fahatelo dia hanazava ny tany manontolo amin'ny voninahiny. Asa hitatra manerana izao tontolo izao sy manan-kery tsy hay tohaina no voalaza mialoha eto. Fanehoana be voninahitra ny herin'Andriamanitra ny fihetsehana momba ny fiverenan'ny Tompo tamin'ny 1840-1844; tafapaka hatrany amin' ny foibe fitoriana filazantsara rehetra eran'izao tontolo izao ny hafatry ny anjely voalohany; ary teo amin'ny tany sasany dia mbola tsy nisy fahalianana tamin'ny fivavahana toy izany na taiza na taiza hatramin'ny Reformasiona tamin'ny taonjato fahenina ambin'ny folo; nefa hanoatra lavitra noho izany ny fihetsehana miezinezina mandritra ny fanairana farany hataon' ny anjely fahatelo*."

Nalaina tao amin'ny toko faha-38, "Ny fampitandremana farany," ao amin'ny Hery Mifanandrina, nosoratan'i Ellen G. White. Inoan'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito fa nampiasa ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana i Ellen G. White nandritra ny 70 taona mahery nanaovany ny asa fanompoany teo amin'ny olona (1827-1915).

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel. 037 23 107 18 - 037 37 107 25 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: 741-D/10.24
Ny Natonta: 8587 isa

# Tenin'Andriamanitra ho ahy ny Baiboly

**Tonga soa amin'izao Herinandro Fiaraha-mivavaka manokana ho an'ny ankizy izao, izay miresaka ny amin'ilay boky mahatalanjona indrindra eto amin'izao tontolo izao, dia ny Baiboly!**

Amin'ity herinandro ity isika, dia hiaraka hanao dia mahafinaritra, hizaha ireo haren-tsarobidy voarakitra ao amin'ireo takilan'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy boky sahala amin'ny boky hafa rehetra ny Baiboly fa fanambarana velona sy miaina ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahendreny ary ny heriny izany. Koa mivonòna àry handinika lalina ireo zava-mahatalanjona ao amin'ny Soratra Masina eo am-pahitana fa misy vokany eo amin'ny lafim-piainantsika rehetra ny Tenin'Andriamanitra.

Miainga amin'ny Genesisy ka hatrany amin'ny Apôkalipsy, ny Baiboly dia milaza ny tantaran'ny fitiavan'Andriamanitra ny zavaboariny, ny drafi-panavotana tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy ary ny teny fikasana momba ny fiainana mandrakizay. Ahitana fanandramana mahafinaritra maro ao anatiny, tantara mampahery ary fahamarinana tsy miova izay mampianatra antsika momba ny toetran'Andriamanitra sy ny drafitra lehibe nataony ho antsika tsirairay avy. Mivavaka izahay mba hampanakaiky anao bebe kokoa amin'i Jesôsy anie ity Herinandro Fiaraha-mivavaka ity!



SABATA

# IZAY REHETRA MOMBA NY TENIN'ANDRIAMANITRA MAMPIASA "FA.NO.RA.TA.NA."

**Tsianjery:**

***"Fa tsy nisy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy."* – 2 Pet. 1:21.**

Inona no mampitovy ny penina sy ny pensilihazo ary ny borosy fandokoana? Voalohany, samy miantomboka amin'ny feo avoaky ny molotra mikombona avokoa izy ireo: "p" sy "b". Faharoa, samy fitaovana ampiasaina. Ny mpahay kanto dia mampiasa borosy fandokoana rehefa manao sary hoso-doko. Ny mpianatra dia mampiasa penina na pensilihazo rehefa manao ny entimody. Ny mpanoratra koa dia mampiasa penina na pensilihazo eo ampandrafetana ny bokiny.

Inona no boky tianao indrindra? Raha ny hevitrao, inona no mahatonga ny boky iray ho sarobidy noho ny iray hafa? Hitanao, ny maha-zava-dehibe ny boky iray dia tsy voatery ny penina nanoratana azy, fa ny votoatiny sy ny mpanoratra nanoratra azy.

Hianatra momba ny Baiboly isika amin'ity herinandro ity. Fantatrao ve fa ny Baiboly no voatonta pirinty betsaka indrindra sy be mpamaky indrindra eto amin'izao tontolo izao? Izy no voadika amin'ny tenim-pirenena betsaka indrindra noho ny boky hafa rehetra. Araka ny hevitrao, nahoana no olona an-tapitrisany maro no mihevitra fa ny Baiboly no boky manan-danja indrindra



ho an'ny fiainantsika? Ity misy zava-dehibe tena ilaina fantarina: ny Baiboly ihany no manazava ny fomba nanoratana azy! Andeha isika hijery ny iray amin'ireo andalan-teny izay manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny momba ny Baiboly. Hitantsika ao amin'ny 2 Pet. 1:20,21 izany: *"Fa tsy nisy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy."*

Manampy antsika hitadidy ny 2 Pet. 1:20,21 ilay fanafohezan-teny hoe: FA.NO.RA.TA.NA.

Avy amin'Andriamanitra ny **FA**minaniana. Izay rehetra **NO**soratana dia **RA**isina ho avy amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Tsy misy faminaniana voasoratra ka avy **TA**min'ny hevitra **NA**lahatry ny mpaminany.

Tokana ny Baiboly satria izy no manome antsika sary momba izay hitranga amin'ny hoavy. Io ilay antsointsika hoe "faminaniana". Rehefa mandinika ny Baiboly isika, dia mahita faminaniana maro izay efa tanteraka. Tsy nanoratsoratra araka izay tao an-tsainy fotsiny ireo olona nanoratra izany faminaniana izany. Andriamanitra no tena mpanoratra ary ny Baiboly dia milaza mazava fa mahafantatra ny voalohany hatramin'ny farany Andriamanitra. Mampiasa olona antsoina hoe mpaminany Izy hanoratra izay zavatra hiseho mba tsy ho tampoka amintsika izany na koa hatahotra isika. Nahoana izany no zava-dehibe? Misy zavatra mahatsiravina mitranga mantsy amin'izao fotoana iainantsika izao. Milaza anefa ny Baiboly fa ho avy tsy ho ela i Jesôsy indray andro any ka hamerina ny zavatra rehetra ho tahaka ny namoronany azy tamin'ny voalohany. Hesoriny tsy hisy intsony ny faharatsiana, ny aretina ary ny fahafatesana. Hovelomina indray ireo izay efa maty ka nino an'i Jesôsy. Moa ve tsy mahafaly tokoa ny mandre izany? Velom-pankasitrahana tokoa aho fa nomen'Andriamanitra antsika ny Baiboly mba hanantsika fanantenana sy hahatakarantsika fa Andriamanitra no mandresy amin'ny farany ka hamerina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra ary Izy koa no mbola mifehy ny zavatra rehetra. Mahatonga ahy haniry hamaky sy hianatra bebe kokoa momba ny Baiboly izany. Ary ianao?

---

Pasitora mpitantana ny fiangonana filipina any Loma Linda i **Manuel (Manny) Vitug**. Nanompo amin'ny maha-filohan'ny Ministera miadidy ny Ankizy tany amin'ny Federasionan'i Californie atsimo atsinanana izy tamin'ny taona 2003 ka hatramin'ny 2021.

**Hosaintsainintsika:**

1. Nahoana ny Baiboly no tsy mitovy amin'ny boky hafa rehetra?
2. Inona no zavatra tokana azonao atao ka hanampy anao handinika misimisy kokoa ny Baiboly?

## ALAHADY

# *MANOME FANANTENANA HO AHY NY TENIN'ANDRIAMANITRA TONGA AMIN'NY BAORITRA MAROMARO NY FITAHIANA*

***Tsianjery:***

***"Fa izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho fianarantsika hananantsika ny fanantenana amin'ny faharetana sy ny fiononana avy amin'ny Soratra Masina." – Rôm. 15:4.***

Ny tsianjerintsika dia milaza fa ireo tantara ao amin'ny Baiboly dia nosoratana mba hampianatra antsika leson'ny finoana ka hananantsika fanantenana! Misy tantara iray izay heveriko fa manokana, dia ny tantaran'i Elia sy ilay mpitondra tena tao Zarefata, ao amin'ny 1 Mpanj. 17.

Nandositra ny mpanjaka Ahaba i Elia mpaminany ka niafina tany akaikin'ny renirano Kerita izy. Nasain'Andriamanitra nisotro tamin'izany renirano izany izy ary goika no hitondra sakafo ho azy. Nokarakaraina isan'andro izay nilain'i Elia. Rehefa ritra ny rano, dia nasain'Andriamanitra nankany Zarefata i Elia, toerana izay nandidiany ny mpitondra tena iray hanome sakafo azy.

Rehefa tonga tao Zarefata i Elia, dia nahita vehivavy iray nanangona kitay vitsivitsy izy. Nangataka rano sy mofo taminy izy. Inona re no hataon'io vehivavy io e? Tsy nisy afa-tsy koba kely sy menaka kely ho azy sy ny zanany lahy sisa tao aminy mba hanaovany mofo ho azy ireo, dia tsy hanan-kohanina intsony izy ireo aorian'izay.

Nilaza taminy i Elia mba tsy hatahotra ka hanamboatra mofo ho azy aloha, ary avy eo vao ny mofo hohanin'izy sy ny zanany lahy. Efa nanome toky mantsy Andriamanitra fa tsy ho lany ny koba ary tsy ho ritra ny menaka. Notanterahin'ilay vehivavy izay nasain'i Elia nataony, ary araka izay efa nampilazain'Andriamanitra dia mbola nanan-kohanina hatrany tokoa izy mianaka (1 Mpanj. 17:7-16).

Taona maro lasa izay, dia nanontany tena aho hoe aiza indray no hahitanay ny sakafo hohaninay manaraka! Toa tsy ampy mandrakariva na ny vola na ny sakafo tamin'izany fotoana izany. Tsy nisy afa-tsy "avoine", vary, tsaramaso ary kobam-barim-bazaha sisa tao amin'ny fitoeran-tsakafo kelinay, ary efa ho lany aza ireo rehetra ireo. Nivavaka hatrany izahay isan'andro hoe: "Tompo ô, fantatrao ny zavatra ilainay ary lanao efa nanome teny fikasana fa hikarakara anay."

Nisy mpivady kely izay, nilasy tao an'ala teo akaikin'ny trano fonenanay ary tonga namanay. Indray andro dia tonga tao an-trano ilay ramatoa sady nitomany! Nanontaniako azy ny olana nahazo azy ka nilaza izy fa tsy nanan-kohanina intsony ary tsy mahafantatra izay tokony hatao.

Nibitsika tamiko Andriamanitra mba hanome sakafo azy ireo.


Ahoana no hahavitako izany? Izahay mianakavy koa aza zara raha misy hohanina! Naka baoritra iray anefa aho ka nankao amin'ny fitoeran-kaninay ary nanomboka nameno izany. Naka tsaramaso tamin'ny kapoaka aho, avy eo nataoko tao anaty harona izany. Toy izay koa ny vary, ny "avoine", ny koba ary ny sira. Nampiako menaka tamin'ny tavoahangy kely, ovy ary tongolo tao amin'ilay baoritra. Izay rehetra nananako dia nifampizarako taminy. Talanjona aho fa afaka nifampizara sakafo tamin'ilay namako, tsy baoritra iray monja, fa baoritra telo lehibe! Ary ny tena mahagaga, mbola betsaka noho ilay tamin'ny voalohany aza ny sakafonay mianakavy! Tahaka ny nanomezan'Andriamanitra hanina ho an'ilay mpitondra tena no nanomezany hanina ho anay mianakavy koa.

---

Mpampianatra misotro ronono ary monina ao **Yakima, Washington, Etazonia i Jodi Genson**

**Hosaintsainintsika:**

1. Nahoana no nasaina nanao mofo ho an'i Elia aloha ilay vehivavy mpitondra tena?
2. Efa nanandrana fahagagana avy tamin'Andriamanitra koa ve ny fianakavianao?



**ALATSINAINY**

## *TSY MITOVY AMIN'NY BOKY HAFA REHETRA NY TENIN'ANDRIAMANITRA MITONDRA FAMONJENA IZANY!*

***Tsianjery:***

***"Fa hatry ny fony vao zaza hianao dia efa nahalala ny Soratra Masina, izay mampahahendry anao ho amin'ny famonjena amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesôsy."***

Nisidintsidina manodidina ny Iohan'i Merrill ny bala isankarazany rehefa nandroso ho eny amin'ny tafika fahavalo izy sy ireo miaramilany. Tampoka teo, rehefa iny nanao dingana hanatona iny izy, dia nisy bala iray nahavoa ny masony ka nampihemotra azy. Rehefa nianjera izy dia henony indray ny bala faharoa nidona tamin'ny tratrany. Nisy zavatra nisakana io bala io tsy hilentika hatramin'ny farany anefa. Tamin'io maraina io i Charles dia nihazakazaka haingana namonjy ny tranolainy. Naka ny Baiboliny misy ny Testamenta Vaovao izy tamin'izay ka nataony tao amin'ny paosin'akanjony aloha. Hay ilay Baiboly no nisakana ilay bala!

Namonjy ny ain'i Charles ny Baiboly ary afaka mamonjy ny ainao mandrakariva koa izany. Hoy i Jesôsy ao amin'ny Jao. 6:63: *"Ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana."* Isaky ny mandidy antsika hanao zavatra iray ny Tenin'Andriamanitra na mampanantena zavatra iray, dia eo ny heriny hanampy antsika hanatanteraka izany.

Nampiasa ny Soratra Masina i Jesôsy handresena ny herin'i Satana. Rehefa naka fanahy Azy intelo i Satana, dia novaliany hoe: "*Voasoratra hoe (...)",* dia resy i Satana. Tahaka ny nampiasan'i Jesôsy ny Soratra Masina, dia azonao atao koa izany! Izany no mahatonga ny Baiboly ho boky atahoran'i Satana sy ny anjeliny indrindra: satria olona maro dia maro tokoa no afaka tamin'ny fangejany noho ny asan'ny Baiboly. Tsy misy boky hafa manana hery toy izany! Manerana ny tantara, dia olona an-tapitrisany maro no efa nahita fa mahatoky sy marina ny tenin'Andriamanitra.

Ireo mitolona amin'ny fiankinandoha, ny fahatezerana sy ny sisa, dia efa nahita hery nialana tamin'izany. Afaka niaina tsy voafatotra intsony izy ireo vokatry ny Tenin'Andriamanitra.

Maro ireo boky milaza tantara mahaliana fa ny Baiboly kosa dia milaza tantara marina momba ny niandohan'izao tontolo izao sy ny hihafarany. Ahoana no hahafantarantsika fa manambara ny hoavy ny Baiboly? Satria efa nanao izany izy tany aloha ary tsy nisy diso izany. Mba fantatrao ve fa faminaniana 300 mahery ao amin'ny Testamenta Taloha no miresaka ny amin'ny fiavian'i Jesôsy voalohany? Olona maro samihafa izay niaina an-jato taona maro talohan'ny fahaterahan'i Kristy no nanoratra izany faminaniana izany. Tanteraka avokoa araka izay nilazana azy mialoha ireo rehetra ireo.

Ny Baiboly no boky sarobidy indrindra satria mampiseho amintsika izany fa tena tia antsika tokoa Andriamanitra ka nanome antsika an'i Jesôsy Zanany ho faty noho ny otantsika mba hananantsika fiainana mandrakizay miaraka Aminy. Boky ara-pivavahana maro no milaza fa raha te hahazo ny fiainana mandrakizay ny olona dia mila manao asa soa betsaka. Ny Baiboly anefa dia milaza fa amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Jesôsy irery ihany no hamonjena antsika.

Manolotra antsika lalana mankamin'ny fiainana mandrakizay sy fahafahana amin'ny fahotana ny Baiboly Tenin'Andriamanitra, amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy. Boky feno teny fikasana mitory fanantenana izany. Miaraha amin'i

Jesôsy isan'andro amin'ny alalan'ny fandinihana ny Teniny.

---

I **Ruthie Reeves** no tale mpanatanteraka ny "Starting With Jesus", ministera mifantoka amin'ny fanampiana ny ankizy hikolokolo fifandraisana isan'andro miaraka amin'i Jesôsy.

**Hosaintsainintsika:**

1. Anontanio ny olon-dehibe iray hoe ahoana no fomba nanovan'ny Baiboly ny fiainany.
2. Ianao ve mahita faminaniana iray ao amin'ny Baiboly ka tanteraka tokoa taty aoriana?



TALATA

## MITARI-DALANA AHY NY TENIN'ANDRIAMANITRA

## MPITARI-DALANA MAHOMBY ENY AMIN'IZAY REHETRA ALEHA

***Tsianjery:***

***"Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao" – Sal. 119:105.***

Rehefa mieritreritra biby anankiray faly ianao, dia inona no ao an-tsainao? Mety hoe alika? Na koa biby iray hafa izay karakarainao ao an-trano ao, raha manana ianao! Ny ahy izao dia irony feso (dauphin) vaventy irony no ao an-tsaiko ao. Tiako ny mijery feso miara-milomano sy miara-milalao ao anaty rano. Toy ny hoe mitsikitsiky mandrakariva izy ireo! Fantatrao ve fa mahavita milomano 29 km mahery isan'ora ny feso? Ary afaka mitsambikina hatramin'ny 6 metatra ihany koa izy ireo! Saika miaraka mandrakariva amin'ny fianakaviany sy ny namany izy ireo fa tsy mba mitokantokana izany.

Manana fomba manokana hifampiresahana ny feso. Misioka izy ireo, ka mamakivaky ny rano izany

feo izany mandra-pahatonga azy ho eo amin'ireo feso hafa iray vondrona aminy. Samy manana ny fisiokany avy ny feso tsirairay ary fantatry ny namany tsara izany. Voaporofo fa manana fitadidiana maharitra tokoa izy ireo satria mahatadidy ny siokan'ny feso iray hafa izay tsy nihaona taminy nandritra ny 20 taona!

Manana fomba mahatalanjona hahitany ny sakafony koa ny feso. Mamoaka feo toy ny mipaipaika kely izy ireo; henoiny tsara ny akon'izany avy eo mba hahazoany misambotra izay trondro akaiky azy eo. Io fomba io no manampy azy ireo hahalala ny tokony hizorany hahazoany ny sakafony ary koa hahafantarany hoe aiza ho aiza marina no misy ilay sakafo. Araka izany, na dia tsy mahita ilay zavatra ilainy aza izy ireo, dia matoky ilay ako na ilay feo miverina kosa mba hanoro lalana azy.

Na dia miasa tsara aza ny masonao ka mahita ny zavatra rehetra manodidina anao, dia mety ho sarotra aminao ihany ny hahalala izay tokony hataonao na tokony ho tsapanao rehefa avy eo. Indraindray isika dia mahafantatra fa mila an'i Jesôsy saingy raha amin'ny herintsika fotsiny, dia tsy azontsika antoka hoe aiza no hahitantsika Azy. Na malahelo ianao na faly, na tsy manana ahiahy ianao na very hevitra, ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly, dia eo mandrakariva mba hitarika anao handroso! Izany no nahatonga an'i Davida mpanjaka hilaza fa ny Tenin'Andriamanitra dia jiro rehefa niteny izy hoe: *"Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao"* – Sal. 119:105.

Tahaka ny namoronan'Andriamanitra ny feso izay manana fomba manokana hahitana ny zavatra ilainy, ianao koa dia nomen'Andriamanitra ny Teniny izay manampy anao hahita Azy! Harena be tsy hay tombanana ho Azy ianao! Izany no nahatonga Azy ho vonona hanome ny Zanany hisolo anao mba hahatonga anao ho tafaraka Aminy any an-danitra. Sokafy àry ny Baibolinao ka avelao ny fahazavan'ny Tenin'Andriamanitra hitsilo ny lalanao rehefa miara-dalana Aminy ianao!

---

Vady sady renim-pianakaviana manan-janaka telo ary monina ao Minnesota, Etazonia i **Stephani McNeilus**.

**Hosaintsainintsika:**

1. Inona no mampitovy ilay fomba ampiasain'ny feso hitadiavana ny sakafony amin'ny fanokanantsika fotoana hiarahana amin'i Jesôsy amin'ny alalan'ny Teniny isan'andro?
2. Mahasoa antsika ve ny hoe tsindraindray ihany no manokana fotoana ho an'Andriamanitra fa tsy isan'andro? Nahoana?



## ALAROBIA

# MANAMPY AHY HITOMBO NY TENIN'ANDRIAMANITRA MAMAFY NY VOAN'NY FAHAMARINANA IZANY

***Tsianjery:***

***"Ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako aminao" – Sal. 11.***

Efa mba nanontany tena ve ianao hoe ahoana no hahatonga anao ho akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra? Etsy ange e, hilazako tsiambaratelo kely ianao: Ny Tenin'Andriamanitra ihany no mahavita izany!

Tahaka ny voa manokana ny Tenin'Andriamanitra, izay rehefa ambolena ao am-pontsika, dia manampy antsika hifandray bebe kokoa Aminy.

Hoy ny Sal. 119:11 hoe: *"Ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako aminao".* Eritrereto ange hoe misy vata fitoerana harentsarobidy ao am-ponao e (izany hoe ny sainao), izay fametrahanao ny Tenin'Andriamanitra. Rehefa raketinao ao am-ponao ny Teniny, dia tahaka ny mamboly ny voan'ny fahatsaram-panahy izany izay manampy anao hanao izay tokony hatao. Afaka mivelona amin'ny fomba ankasitrahan'Andriamanitra isika.

Ahoana àry ny fomba hiraketantsika ny Tenin'Andriamanitra ao ampontsika? Tsy toy ny manafina kilalao ao ambany fandriana izany an! Ny hevitr'izany dia hoe mitadidy andininy avy ao amin'ny Baiboly, mahazo tsara ny tiany hambara ary mamela izany hitari-dalana ny eritreritrao sy ny asanao rehetra.

Ohatra hoe, mety ho tezitra mafy amin'ny rahalahinao ianao na ny anabavinao satria nosimbany ny zavatra anankiray izay tena sarobidy aminao. Tsy nitrerontrerona azy anefa ianao na koa nanimba ny zavany fa tsaroanao ilay nosoratan'i Davida mpanjaka ao amin'ny Sal. 133:1 manao hoe: *"Endrey, tsara sady mahafinaritra raha ny mpirahalahy no miara-monina."* Mampahatsiahy anao io andininy io mba haneho hatsaram-panahy sy hivavaka ho an'ny iray tam-po aminao, na dia tezitra aza ianao. Ho vitanao amin'izay ny haneho fihetsika hafa! Izany no atao hoe mirakitra ny Tenin'Andriamanitra ao am-ponao!

Rehefa mihalehibe ianao, dia ho tojo fihaikana maro samihafa, toy ny fahazoana namana, ny fiatrehana toe-javatra sarotra, na ny fifidianana izay mety tokony hatao fa tsy izay mora atao. Afaka mitari-dalana amin'ny toe-javatra rehetra ny Tenin'Andriamanitra! Arakaraka ny hamakianao sy hianaranao izany, no hahatakaranao bebe kokoa ny fitiavan'Andriamanitra sy ny drafitra omaniny ho anao.

Saintsaino hoe toy ny zaridaina tsara tarehy ny fifandraisanao amin'Andriamanitra. Tahaka ny zavamaniry izay mila rano sy

tara-masoandro ary tany tsara mba hitomboana, ianao koa dia mila ny Tenin'Andriamanitra mba hitomboanao ara-panahy. Arakaraka ny hanondrahanao ny fonao amin'ny Teniny, no hiroboroboanao ka hahatonga anao ho ilay olona mahagaga, araka ny fanirian'Andriamanitra fony Izy nahary anao.

Ry namako malala, andeha àry isika hiaraka hivoady anio fa hirakitra ny Tenin'Andriamanitra ao ampontsika, hamela izany hamolavola ny fiainantsika sy hanakaiky bebe kokoa Azy isan'andro. Rehefa ataontsika mpitari-dalana antsika ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy hisy fetra ny hitomboantsika amin'ny fitiavany sy ny fahasoavany!

---

Tonia mpanampy ao amin'ny *Adventist World* i **Beth Thomas.**

**Hosaintsainintsika:**

1. Manana andininy manokana efa hainao tsianjery ve ianao?
2. Mahatsikaiky ihany ny mampitaha ny Tenin'Andriamanitra amin'ny voan-javamaniry mety mitombo. Amin'ny manaraka angamba ianao rehefa eo akaikin'ny zaridaina iray na mahita voan-java-maniry maromaro, dia ny Baiboly no tonga ao an-tsainao!

**ALAKAMISY**

## MANEHO NY SARIN'I JESÔSY AMIKO NY TENIN'ANDRIAMANITRA

## MAMPISEHO AHY NY FOMBA FIAINANA TAHAKA NY AZY IZANY

***Tsianjery:***

***"Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy" – Jao. 5:39.***

Rehefa niaina tety ambony tany i Jesôsy, dia tsy ny olona rehetra no tia Azy; eny, tsy tia Azy ny mpitondra fivavahana maro. Nanana tombontsoa ny Jiosy, vahoaka nofidin'Andriamanitra, satria nanana ny Soratra Masina izy ireo. Nandinika izany izy ireo, satria niandrandra ilay teny fikasana manokana momba ny Mpamonjy, dia ilay heveriny hoe hamonjy azy amin'ireo Rômana tsimifaditrovana izay nanapaka ny taniny.

Indrisy fa maro no nandinika ny Soratra Masina kanefa tsy namela an'Andriamanitra hanampy azy ireo hahatakatra izay zavatra novakiny. Maro no namaky ny Soratra Masina satria nahatsapa fa tokony hanao izany izy ireo, saingy tsy fantany akory fa manana hery velona izany.

Jamba izy ireo vokatr'izany ka tsy nahita ilay fahamarinana milaza ny hahatongavan'ny Mpamonjy. Tsy voamariny akory ilay nosoratan'i Isaia mpaminany ao amin'ny Isa. 53 izay milaza fa amin'ny endriky ny olona tsotra sy ambany no hahatongavan'ny Mpamonjy. Maro no tsy nanao an'i Jesôsy ho sakaizan'izy ireo isan'andro kanefa dia niara-nonina taminy isan'andro Izy. Tsy vitan'izy ireo ny nahita ny fitiavan'Andriamanitra sy ny toetrany naseho tamin'ny alalan'ny fiainan'i Jesôsy. Tonga i Jesôsy haneho ny fomba fankatoavana an'Andriamanitra sy ny fomba hifankatiavana na sarotra manao ahoana aza ny fiainana.

Tahaka ny nanjo ny maro tamin'ny andron'i Jesôsy, dia mora amintsika ihany koa ny ho voafandrika: mamaky Baiboly isan'andro kanefa tsy manao an'i Jesôsy ho namantsika akory. Manana ny hery hanasitrana ny fontsika maratra ny Baiboly ary hanafaka antsika amin'ny fahazarana feno fahotana. Tsy afaka hanandrana izany anefa isika raha tsy misafidy ny hifanerasera amin'ny Baiboly, satria Tenin'Andriamanitra velona tokoa izany.

Mandra-pahalehibeko, dia nankany am-piangonana foana aho, kanefa tsy mba nihevitra na oviana na oviana fa tia ahy Andriamanitra satria nandalo toe-javatra sarotra aho. Nihevitra aho fa nofaizin'Andriamanitra. Niezaka ny ho olona tsara aho tamin'ny alalan'ny fandehanana tany am-piangonana sy tamin'ny fanaovana asa soa ho an'ny hafa, kanefa ny foko dia tsy mba nifandray tamin'Andriamanitra akory na tamin'ireo olona manodidina ahy. Indray andro aho dia namaky ny Jao. 3:17 izay nilaza hoe: *"Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao."* Nanala ny vesatra nolanjaiko tamin'ny fiezahako ho tonga olona tsara io andalan-teny io. Nianarako fa ny fanaovako an'i Jesôsy ho sakaiza ihany no fomba tokana hananana fiadanana sy hiainana fiainana feno fandresena.

Maniry ny ho sakaizanao manokana i Jesôsy mba ho afaka hanoro anao ny tsiambaratelony ao amin'ny Teniny sy ny asa manokana tiany hataonao eto amin'izao tontolo izao. Moa ve tsy hanasa ny Fanahiny Masina ianao hitari-dalana anao amin'ny fotoana rehetra hamakianao ny Baiboly? Tsy hanokana fotoana ve ianao hiatoana kely mba hihainoana ny feony izay miteny aminao? Mivavaka aho mba hanandrana ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanatrehany tsy hay tantaraina ianao rehefa mifandray amin'i Jesôsy amin'ny alalan'ny Baiboly.

---

Mpandaha-teny ho an'ny ankizy i **Faith Gor** ary monina ao Nairobi, Kenya. Mamokatra fandaharana ho an'ny ankizy, izay mivoy ny soatoavina kristianina ny *chaîne YouTube* "Teacher Faith" tantanany.

**Hosaintsainintsika:**

1. Inona no nataon'ny Tenin'Andriamanitra tamin'i Faith mpampianatra?
2. Inona no nianaranao mikasika an'i Jesôsy tamin'ny alalan'ny famakianao ny Teniny?

**ZOMA**

# MANOME FIADANANA AHY NY TENIN'ANDRIAMANITRA MAHITA FAHASAMBARANA SY FIADANANA AO AMIN'NY BAIBOLY

***Tsianjery:***

***"Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao." – Jao. 16:33.***

Inona no hevitry ny teny hoe "fiadanana"? Tonga ny fiadanana rehefa tony, mangina ary mitory fahasambarana ny zavatra rehetra. Mibonoka ao anatin'ny bodofotsy tianao indrindra, mafana tsara sady tsy misy mpanelingelina izany. Ny fiadanana dia tsy fahatsapana horohoro na tebiteby.

Fantatrao ve fa misy toerana manokana izay hahitanao fiadanana mandrakariva? Tsy aiza izany fa ao amin'ny Tenin'Andriamanitra! Hoy ny Jao. 16:33 hoe: *"Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao."* Hafatra manokana avy amin'Andriamanitra io andalan-teny io, izay mampahatsiahy antsika fa na dia misy aza ny olana dia afaka mahita fiadanana ao Aminy isika.

Fony aho mbola kely, dia natahotra maizina. Tsaroako aho natahotra mafy ka tsy nalako tamin'ny rindrina mihitsy ny lamosiko rehefa tao am-pandriana aho, sao mantsy misy zavatra mampatahotra miseho any aoriako any. Tsy nahita tory mihitsy aho raha tsy niankina tamin'ny rindrina ny lamosiko. Na izany aza anefa, elaela mihitsy aho vao mahita tory. Reraka dia reraka aho rehefa mifoha amin'ny maraina satria tsy natory tsara.

Tsikaritry ny reniko fa reraka mandrakariva aho ka nanontany ahy ny antony izy. Noresahiko taminy ny fahatahorako maizina sy ny tsy fahitako tory raha tsy miankina amin'ny rindrina ny lamosiko. Nanoro hevitra tsara be ho ahy izy mba hanampy ahy hilamina kokoa. Hoy izy hoe: "Rehefa hatory ianao anio alina, dia sokafy ny Baibolinao ao amin'ny Sal. 91 ka vakio mafy izany. Rehefa avy eo, dia avelao hisokatra eo akaikin'ny ondanao ny Baiboly mandritra ny alina". Tamin'ny voalohany aloha dia tsy hitako hoe ahoana no hanampian'izany ahy hahita torimaso. Inona anefa ny tohiny, hoy ianao? Azo lazaina ho nety ihany ny alina voalohany, saingy rehefa tonga ny alina faharoa sy fahatelo, dia nanomboka nahatsiaro ho tony kokoa sy afa-tebiteby kokoa aho isaky ny mamaky ny Sal. 91 mialoha ny hamonoana ny jiro. Tena nandaitra ilay izy! Nanome fiadanana ho ahy izany. Dia inona koa hoy ianao? Nanjary haiko tsianjery ilay Salamo iray manontolo! Amin'izao fotoana izao, isaky ny mahatsiaro ho feno tebiteby sy sahiran-tsaina

aho, dia tononiko ny Sal. 91 ka dia miverina ho tony indray aho.

Ahoana no fomba anomezan'ny Tenin'Andriamanitra fiadanana ho antsika? Manampy antsika hanana fifaliana anaty izany, ary fiadanampo. Mampahatsiahy antsika izany fa tsy tokony ho feno tebiteby isika, ary mampirisika antsika izany hanana eritreritra ambony sy feno hafaliana. Mampahatsiahy antsika koa izany fa tsy irery na oviana na oviana isika. Rehefa manaraka ny Tenin'Andriamanitra sy miaina araka ny fampianarany isika, dia mahatsapa fiadanana ao ampontsika.

Tsarovy fa ny Tenin'Andriamanitra dia tahaka ny fanomezana sarobidy izay azontsika ianteherana mandrakariva isaky ny mila fiadanana sy filaminana isika. Amin'ny fotoana manaraka, isaky ny mahatsiaro ho feno tahotra sy tebiteby ianao, dia sokafy ny Baibolinao ka mamakia andininy anankiray ary avelao ny fiadanan'Andriamanitra hameno ny fonao.

---

I **Jasmin Stankovic** dia mpanoro hevitra sy mpitsabo ny olana aratsaina manana ny mari-pahaizana licence. Reny sady vadina pasitora any **Autralie andrefana** ihany koa izy.

**Hosaintsainintsika:**

1. Manampy antsika hilamina sy ho tony kokoa mandritra ny fotoana mampahatahotra ny fitadidiana ireo teny fikasan'i Jesôsy momba ny fiadanana; amin'ny fomba ahoana no mahatonga izany, araka ny hevitrao?
2. Tadidinao ve ny fotoana iray izay nanjary nananao fahatoniana sy herin-tsaina rehefa avy namaky tantara iray avy tao amin'ny Baiboly ianao na koa nandre andinin-tSoratra Masina iray?



SABATA FAHAROA

# MANOME AHY ZAVATRA IZAY AZOKO ZARAINA AMIN'NY HAFA NY TENIN'ANDRIAMANITRA

# ZAVA-NISEHO TSY MAMPINO NITRANGA TAO AMIN'NY NOSY ROYALE

***Tsianjery:***

***"Fa ho vavolombelony amin'ny olona rehetra hianao ny amin'izay efa hitanao sy renao." – Asa. 22:15.***

Feno ny tontolo andronay tamin'izay rehefa nihanika tendrombohitra sy nibaby kitapo namakivaky ny nosy Royale, toeram-pitsangantsanganana teo amin'ny farihy Superior any Etazonia, izahay. Lavitra sady sarotra ny dia saingy tsy nampaninona izany raha ny karazan-toerana tahaka io no hotsidihina. Nandeha fiara nandritra ny adiny valo izahay ary nilasy nandritra ny alina mialoha



ny handehanana sambo mandritra ny adiny enina indray ny ampitso, izay vao ho tonga ao amin'ny nosy. Reraka sahady izahay raha vao tonga tao amin'ilay toerana.

Rehefa avy nafatotra ireo entam-be mavesatra, dia niainga indray izahay. Kilômetatra maro no tsy maintsy handehanana izay vao afaka hatory. Mbola nihanika tendrombohitra nandritra ny tontolo andro koa izahay ny ampitson'io. Nahita gisa sy irony karazan'omby misy tandroka maro rantsana irony, gisa dia, amboahaolo, menarana ary karazan-kazo sy voninkazo marobe izahay.

Nahafinaritra indrindra tamin'ireo fotoana niainanay teny anivon'ny zava-boarin'Andriamanitra io fotoana io.

Alina mialoha ny alina farany nolaninay teo amin'ny nosy tamin'izay ka navelanay hiala sasatra ny tongotray valaka sy ny sorokay nanaintaina. Nipetraka teo amin'ny tetezana kely akaikin'ny fijanonan'ny sambo izahay nijery ny farihy Superior namirapiratra rehefa notarafin'ny masoandro tolakandro. Rehefa nitazana ny rano aho, dia tsy maintsy nanakimpikimpy ny masoko mba hahitako hoe tena izy tokoa ve ny zavatra hitako! Nasaiko nanopy ny masony haingana koa ilay vadiko, ary nahita koa izy, tena teo anoloanay mihitsy. Nanofahofa tanana ireo mpilasy sasany teo akaiky teo izahay mba ho hitan'izy ireo koa izay hitanay. Fianakaviana lototra (loutre) iray manontolo! Nilomano teo akaikin'ny toerana nisy anay mihitsy izy ireo, nifindrafindra toerana sy nihodinkodina tetsy sy teroa tao anaty rano. Nifanenjika izy ireo, nitsimbadimbadika sy nitsambikimbikina avy tao anaty rano, nananika ny vato teo amorondrano ary avy eo niverina tao anatin'ny farihy.

Tsy hohadinoinay na oviana na oviana ny fifaliana nahita ireo lototra ireo nilalao tao anaty rano. Azo antoka fa tsy nisy afa-tsy izay no anton-dresaky ny mpilasy rehetra rehefa avy nisakafo hariva sy nitsidika ny toerana izahay. Raha ny zava-boarin'Andriamanitra aza mitondra hafaliana be ho anay toy izany, tsy mainka lehibe lavitra ny fifaliantsika raha mahita ny Mpamorona isika? Io izao no zavatra tokony horesahintsika betsaka.

Rehefa mitrandraka ny Tenin'Andriamanitra isika ka mizaha ireo harena be voarakitra ao, dia AFAKA ny hahita an'i Jesôsy marina tokoa isika isan'andro. Sokafy ny Baibolinao ka manokàna fotoana hitadiavana Azy. Rehefa hitanao Izy, dia mino aho fa tianao ny hilaza ny momba izany amin'ny hafa!

---

Pasitora mpanao ny ankizy sy ny fianakaviana ho mpianatra ao amin'ny Fiangonana Pioneer Memorial any **Berrien Springs, Michigan** i **Ben Martin**.

**Hosaintsainintsika:**

1. Milazà olona iray tianao hizarana ny Tenin'Andriamanitra.
2. Amin'ity herinandro ity, dia mety ho tianao angamba ny haneho antsary ny andinin-tSoratra Masina tianao indrindra, na hanoratra izany amin'ny karatra kely, ka hanolotra izany amin'ny olona iray izay manokana aminao.